# ANDEHA HATAO MPIANATRA NY TOKANTRANO!

## « Tena Mpianatra Aho ! »



*Herinandro fiaraha-mivavaka ho an'ny fianakaviana*
*Ny 6 ka hatramin'ny 12 septambra 2020*

**Departemanta Fiainam-pianakaviana**
**Fivondronamben'ireo Federasiona - Ranomasimbe Indianina**

# Sasin-teny

Ry rahalahy sy anabavy malala ao amin'i Kristy,

Ny lohahevitra nofidin'ny Fivondronambe ho an'ity taona 2020 ity dia: « Tena Mpianatra Aho. » Isaorantsika ny Departemantan'ny Fiainam-pianakaviana eto anivon'ny Fivondronambe misy antsika nanomana ireo hafatra mandritra ity herinandro fiaraha-mivavaka ity ; hafatra izay hitarika ny fianakaviantsika hanana fanandramana lehibe kokoa amin'ny fahasoavana, ary hahatonga ny tokantranontsika ho tena mpianatra marina.

Velona amin'ny fotoan-tsarotra isika ao anatin'izao Covid-19 izao, ary tsy mbola fantatsika izay hitranga rahampitso, kanefa fantatsika fa efa akaiky ny farany. Ireo hafatra mandritra ity herinandro fiaraha-mivavaka ity dia manana ny lanjany lehibe tokoa ho antsika, koa mampirisika ny ankohonana tsirairay aho mba hiezaka ny handray anjara amin'ny fomba samihafa azony hatao.

Izao no vakintsika ao amin'ny « Testimonies for the Church » ao amin'ny pejy faha-71: « Ny tanjon'Andriamanitra dia ny hahatonga ireo ankohonana eto an-tany ho tandindon'ny ankohonana any an-danitra. Ireo tokantrano voaorina sy voatarika araka ny drafitry ny lanitra dia iray amin'ireo fomba mahomby indrindra amin'ny fanorenana toetra kristianina sy hampandroso ny asan'Andriamanitra. Raha maniry hahita fiovana ao an-tokantranony ireo ray aman-dreny, dia aoka hanokana ny tenan'izy ireo tanteraka ho an'ny Tompo izy ireo ary hiara-miasa Aminy hanatratra izany fanovana izany. »

Ny faniriako dia ny hahatonga ity herinandro fiaraha-mivavaka ity hahatanteraka ny tanjony, ka ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny tokantrano Advantista tsirairay dia ho tanteraka, ary ny ray aman-dreny tsirairay avy dia ho ohatra tsara ho an'ireo zanany.



*Pasitora Robert RASOLONOMENJANAHARY*
*Filohan'ny*
*Fivondronambe – Ranomasimbe Indianina*

# Fampidirana

Endrey ny tombontsoa mbola ahafahantsika miatrika miaraka ny herinandro fiaraha-mivavaka ho an'ny fianakaviana amin'izao volana septambra izao. « Andeha hatao mpianatra ny tokantrano! » Io no kofehy misarika mandritra ity herinandro fiaraha-mivavaka ity, kofehy iray mifandray amin'ny lohahevitry ny Fivondronambe misy antsika, izay hahatonga ny tsirairay ho tena mpianatra marina, ary koa mifandray amin'ny drafitry ny fiangonana maneran-tany mandritra ny dimy taona izay natomboka tamin'ny volana jolay, manao hoe: « Handeha Aho! »

Ny fitoriana ny vaovao mahafaly momba ny famonjena dia singa iray mampiaina ny Fiangonana Advantista; saingy moa ve singa iray mampiaina ireo ankohonana Advantista koa izany? Ny fanambarana nataon'i Ellen White dia mametraka izany amin'ny fijery tena mety indrindra, rehefa nanambara izy manao hoe : « ireo misiônera ho an'ilay Mpampianatra lehibe dia voaomana amin'ny fomba tsara kokoa ao amin'ny tokantrano kristianina (...) » Foyer Chrétien (dikan-teny malalaka). Izany dia mhahatonga ny ankohonana ho zary sekoly misiônera izay hisehoan'ny fanomanana misiônera amin'ny fomba mahomby indrindra. Ao anatin'izao tontolo izao izay mikorontana ny zava-drehetra, dia fotoana mety indrindra izao hamitana ny iraka nankinin'Andriamanitra tamintsika, ahafahantsika mody any an-trano tsy ho ela intsony. Ny iraka hatrany amin'ny faran'ny tany dia manomboka voalohany indrindra eo anivon'ny tokantrano. Izany rehetra izany no ambaran'ity herinandro fiaraha-mivavaka ity, amin'ny alalan'ny fifantohana amin'ireo olona vitsivitsy voalazan'ny Baiboly fa nandray an-tànana aloha ny 'Jerosalema'n'izy ireo, ary avy eo ny manodidina azy ireo ihany koa. Ny hira faneva finidy, izay hitantsika any amin'ny pejy farany, dia miantso antsika hiditra an-tsehatra amin'ny fitadiavana ireo ondry very lavitry ny valan'ondry na very ao amin'izao tontolo feno aizina izao.

Miantefa amin'ireo fianakaviana rehetra manerana ny Ranomasimbe Indianina ny antso – na ny fianakaviana ara-biôlôjika izany na ny fianakaviana ampiraisin'ny fiangonana – mba handeha sy hanao mpianatra ny tokantrano rehetra! Tianay ny hino fa handray anjara amin'izany iraka izany isika rehetra!

Hiara-dàlana amintsika anie Andriamanitra amin'ny fanatanterahana izany iraka izany, ka ny ankohonantsika dia ho tonga loharanom-pitahiana ho an'ny Ranomasimbe Indianina sy ho an'izao tontolo izao!



*Pasitora Wesley § Nicole ORIEUX*
*Talen'ny Fiainam-pianakaviana*
*Fivondronambe - Ranomasimbe Indianina*

## FANOROAN-TAKILA


- Sasin-teny sy fampidirana 2
- Ny ankohonana, ny fototra ijoroany sy ny tanjony! 3
- Dadatoa Abrama manavotra ilay zana-drahalahiny. 6
- Ny fanekena nataon'ilay vehivavy janga hamonjena ny tenany sy ny fianakaviany. 9
- Nehemia sy ireo «M» 3 enti-manangana indray ny mandan'ny fianakaviana. 12
- Demoniaka lasa Mpianatra ! 15
- Mitondra ny zanaka ho amin'ny fiainana ary mitondra ny fiainana ho eo amin'ny zanaka! 18
- Izaho sy ny ankohonako kosa dia hanompo an'i Jehovah izahay! 21
- Hira faneva 24



# 1 Ny ankohonana, ny fototra ijoroany sy ny tanjony! (Genesisy 12 : 3)

*«Ary hitahy izay manisy soa anao Aho, fa hanozona izay manozona anao; ary aminao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany»*

**- Gen. 12:3.**

## Fampidirana

Ny ankohonana dia voafaritry ny hoe « vondron'olona akamban'ny fatoram-pihavanana, ary hita eo amin'ny fiaraha-monina rehetra (...) » Ny ankohonana, ilay naorina sy noforonin'Andriamanitra dia mihoatra lavitra noho izany, ary hita manerana ny Baiboly; ny foto-kevitra mikasika ny ankohonana dia voaresaka ao amin'ny boky voalohany sy farany amin'ny Baiboly, izay mampiseho ny maha-zava-dehibe ny fianakaviana eo imason'Andriamanitra izay namolavola azy. Eo anivon'ny fiaraha-monina izay miharatsy hatrany hatrany amin'izao taonjato faha-21 izao, dia zava-dehibe ny mahatsiaro ny fototra ijoroana sy ny tanjon'ny ankohonana, indrindra amin'ny iraka nankinin'Andriamanitra amin'ny fiangonany.

## Ny fototra ijoroan'ny ankohonana – sangan'asan'ny Mpanakanto iray

Mahafantatra ireo mpanakanto isika noho ny zavatra noforoniny manan-danja indrindra. I Michel-Ange dia fantatra amin'ilay sangan'asany 'Sistine Chapel,' i Beethoven dia amin'ilay sangan'asany 'La Cinquième Symphonie,' sns (...) Ny sangan'asa tsirairay dia mampahafantatra zavatra manokana mikasika ny mpamorona azy. Toy izany koa Andriamanitra, ilay Mpanakanton'ny mpanakanto rehetra ; ny sangan'asany rehetra izay mihoatra noho ny fomba fiheveran'olombelona dia voaresaka ao amin'ny Baiboly ary indrindra indrindra ao amin'ireo toko roa voalohany amin'ny bokin'ny Genesisy. Saingy ny sangan'asa izay manambara ity Mpanakanto mahavariana ity dia ny ankohonana (Genesisy 1: 27-28). Ny ankohonana, noforonin'Andriamanitra, dia manomboka amin'ny olon-droa: lehilahy sy vehivavy araka ny voalazan'ny Genesisy 1 : 27 – ny dikan-teny fototra dia mampiasa ny voambolana hoe lahy sy vavy.

Ireo singa roa fototry ny ankohonana izay manambara ny toetran'Andriamanitra, mihoatra noho ny zava-drehetra, dia ny fanambadiana sy ny maha-ray aman-dreny. Ny fitiavana eo amin'ny mpivady lehilahy sy vehivavy dia manome topy maso ny fanoloran-tena feno fitiavan'i Kristy ho antsika izay ampakariny. Ary toy izany koa, ireo ambony sy ambany atrehin'ny ray aman-dreny eto an-tany dia mampiseho sary mandresy lahatra kokoa mikasika ny fahamoram-panahin'Andriamanitra sy ny faharetana ananany amintsika zanany. Ny ankohonana dia taratry ny toetran'Andriamanitra, izay manome toerana azo antoka kokoa hahitan'ireo zanaka ny fitiavan'Andriamanitra eo amin'ireo ray aman-dreniny ary hianarany ny hitia ny hafa. Raha fintinina, ny ankohonana dia sangan'asa iray ao anatin'ireo asam-pamoronana nataon'Andriamanitra, ilay Mpanakanton'ny fotoana sy ny vanim-potoana rehetra.

## Ny tanjon'ny ankohonana – ho fitahiana

Ny lahatsoratra ao amin'ny Genesisy 12:3 dia iray amin'ireo lahatsoratra izay manamafy ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny ankohonana na dia taorian'ny fahalavoan'ny olombelona tao amin'ny saha Edena aza. Io lahatsoratra io dia manambara amintsika mikasika an'Andriamanitra izay hitahy ny ankohonana rehetra amin'ny alalan'i Abrama izay ny anarany taty aoriana dia novana ho Abrahama izay midika hoe 'rain'ny maro' – i Abrahama ilay sakaizan'Andriamanitra sady mpanorina ny vahoakan'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fanekena nifanaovany tamin'Andriamanitra teo amin'ny faha - 75 taonany.

I Abrama, araka ilay anarany taloha, dia nanaiky izany diaben'ny finoana izany tamin'ny nandaozany ny firenena nahaterahany ho any amin'ny firenena izay mbola tsy fantany akory; nantsoina izy handeha amim-pinoana teo anoloan'ny fanatrehan'Andriamanitra no sady nibanjina ny fahatanterahan'ireo teny fikasana ho avy, izay ny iray amin'izy ireny dia ho azy sy ho an'ny fianakaviana rehetra eto ambonin'ny tany.

Ilay teny fikasana izay mihoatra ny fotoana sy ny toerana ara-jeôgrafika dia mbola manan-kery ho an'ny vahoakan'Andriamanitra ankehitriny, izay antsoina ho fitahiana ho an'ireo fianakaviana manodidina azy. Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny fianakaviako – ara-biôlôjika sy ara-panahy – ho tonga fitahiana? Marobe ny valin'io fanontaniana io ary isan'ny tanjon'Andriamanitra ho an'ny fianakaviana izany; koa handinika anankiroa isika ahafahana mamaly izany fanontaniana izany.

*1. Maneho ny endrik'Andriamanitra sady manome voninahitra Azy.*

Milaza ny Baiboly fa ny olombelona dia noforonina araka ny endrik'Andriamanitra; ny olombelona noho izany dia manana ny fahafahana mifanerasera sy mametraka fifandraisana amin'Andriamanitra. Ny hoe noforonina araka ny endrik'Andriamanitra dia manome azy ihany koa ny tombontsoa hanana sy haneho fihetseham-po toy ny fitiavana, ny fifaliana, ny fiadanana, ny filaminana, ny fahatsaram-panahy, ny fahakingan-tsaina, ny filàna fifandraisana amin'ny hafa sady mitia azy. Ireo toetra ireo no mhahatonga ny filàna fifaneraserana sy fanorenana fifandraisana amin'ny tsirairay avy eo anivon'ny ankohonana. Ny ankohonana dia maneho ny endrik'Andriamanitra araka firafitra ananany – Andriamanitra tokana miseho amin'ny persôna telo izay misy ny Ray, ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.

Noho izany, ny ankohonana iray dia tsy vondron'olona mifankatia sy miara-miaina fotsiny ihany, fa voarafitry ny vady lehilahy iray sy vady vehivavy iray – mety hiampy zanaka izany any aoriana kely araka ny sitrapon'Andriamanitra – ary avy amin'Andriamanitra izay loha; izany rehetra izany dia taratry ny endrik'Andriamanitra.

Antsoina hanome voninahitra an'Andriamanitra ihany koa ny ankohonana, izay tanjon'ny olon-drehetra, na eo amin'ny fiainan'ny isam-batan'olona na eo amin'ny fiainan'ny isam-pianakaviana. Ny fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra dia miseho amin'ny alàlan'ny fitiavana iainana sy manjaka ao an-tokantrano, io fitiavana azo alain-tahaka io dia mampiseho ny fomba hanompoana an'Andriamanitra. Ny fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra dia midika hoe mitondra fanovana eo amin'ny toerana misy anao – mitondra fanovana ho amin'ny tsara ho an'ny olona rehetra ao an-tokantrano sy eo amin'ny fiaraha-monina manodidina, amin'ny fanekena ny ho fahazavana izay mitaratra ny haizina matevina maneran-tany. Fitahiana ho an'ny hafa isika rehefa maneho ny endrik'Andriamanitra sy manome voninahitra Azy.

*2. Mahazo izao tontolo izao ho an'i Kristy*

Noforonin'Andriamanitra ny fianakaviana, fa ny devoly kosa tamin'ny hafetseny dia nikatsaka ny handrava azy amin'ny fametrahana fampisarahana amin'ny lafiny mijidina – eo amin'ny olombelona sy Andriamanitra – ary amin'ny lafiny marin-drano – amin'ny olombelona samy olombelona – izany no ambaran'ny lahatsoratra voarakitra ao amin'ny Genesisy 3 amintsika. Na dia eo aza ny hoe ny drafitr'Andriamanitra fototra ho an'ny olombelona dia voahozongozona noho ny tsy fankatoavany, dia tsy resy Andriamanitra satria nametraka drafi-panavotana Izy izay tanteraka tamin'ny fahatongavana ho nofo, ny fiainana, ny fahafatesana, ary ny fitsanganan'i Jesôsy tamin'ny maty, izay mamela ny olon-drehetra hanana ny fahafahana amin'izay narian'ireo ray aman-drenintsika voalohany tao Edena. Ny hazo fijalian'i Jesôsy dia maneho ara-tandindona ny famerenana amin'ny laoniny indray ny fifandraisan'ny olombelona sy Andriamanitra, sy ny olombelona samy olombelona.

Noho izany, ny ankohonanao sy ny ahy dia iray amin'ireo fitaovana mahomby hanatrarana ny hafa ho an'i Kristy sy hampahafantarana azy ireo ny hevitry ny hoe miaina ho an'i Kristy sy manara-dia Azy – miaina ny famerenana amin'ny laoniny indray ny fisarahana tany Edena.

Tahaka ny vahoaka Isiraely fahiny, dia irin'Andriamanitra ho fahazavana ho an'ny hafa ny ankohonana kristianina mba hitarika izao tontolo izao tsy hanompo afa-tsy Izy irery ihany. Amin'ny fanekena hanara-dia an'i Kristy dia nomena iraka hampiely ny vaovao mahafaly momba ny fitiavan'i Jesôsy amin'ny tontolo, izay mila sy tsy mahalala an'i Jesôsy ny ankohonantsika. Ny fiainam-pianakaviantsika dia tokony hampiharihary karazana fiainam-pianakaviana azo hananana rehefa miorina eo amin'i Jesôsy izany. Ny fanatrehan'Andriamanitra ao an-tokantranontsika dia tsy natao hitahiana antsika fotsiny ihany, fa ny hahatonga antsika ihany koa ho fitahiana ho an'ireo fianakaviana rehetra manodidina antsika (Genesisy 12: 3).

Ny ankohonantsika dia antsoina hamolavola an'i Jesôsy sy ny fitiavany ary ny famelan-keloka avy Aminy. Nantsoina isika hanompo ny tontolo manodidina antsika sady ho vavolombelona manokana amin'izao fotoan'ny krizy izay miharatsy isan'andro isan'andro izao, ka amin'ny fanaovana izany dia manome voninahitra ny Tompo isika. « Ho an'ny ankohonana tsirairay, ho an'ny ray aman-dreny tsirairay, ny mpampianatra, ny ankizy izay

namirapiratan'ny fahazavan'ny Filazantsara amin'izao fotoana mampahory izao, dia tokony hametraka ny fanontaniana tonga tamin'i Estera nandritra ny vanim-potoana iray lehibe tamin'ny tantaran'ny Isiraely: *'iza no mahalala, fa angamba ho amin'izao andro izao mihitsy no nanandratana anao ho amin'ny fanjakana?'* Estera 4:14 » Ellen White, Education, 295.2.


## Fehiny

Ny ankohonana kristianina tsirairay avy dia nahazo antso manokana avy amin'Andriamanitra. Ny fanirian'Andriamanitra ho an'ny ankohonana dia ny hamokarany olombelona matotra ara-panahy sy ara-pihetseham-po izay hanatanteraka ny iraka masina eo amin'izao tontolo izao. Ny ankohonana tsirairay avy dia antsoina mba hanatanteraka izay nankinina tamin'i Abrahama ao amin'i Jesôsy Kristy, kanefa manomboka ao an-tokantrano ny zavatra rehetra mialoha ny handehanana any ivelany. « Ny ako mihabo amin'ny taranaka ho avy dia mifandray mivantana amin'ny asa fanompoana izay tanterahinao eo amin'io toerana kely antsoina hoe tokantrano io. »

## Fanontaniana hosaintsainina:

1. Moa ve ny tokantranonao dia toerana hanandraman'ireo zanakao sy ny ankohonanao ny fitiavan'Andriamanitra, sady hianaran'izy ireo mitia ny hafa ihany koa? Inona no tokony hatao hahatonga izany ho zava-misy marina raha toa ka tsy mbola izany no zava-misy?
2. Amin'ny fomba ahoana no hahatonga ny ankohonako ho ivon-toerana misiônera, ka manao ny tokantrano hafa ho mpianatra?

# 2 Dadatoa Abrama manavotra ilay zana-drahalahiny (Genesisy 14 : 1-16)



*«Ary tamin'ny andron'i Amrafela, mpanjakan'i Sinara, sy Arioka, mpanjakan'i Elasara, sy Kedorlaomera mpanjakan'i Elama, ary Tidala, mpanjakan'ny Goima, dia nandeha izy ireo ka nanafika an'i Bera, mpanjakan'i Sodoma, sy Birsa, mpanjakan'i Gomora, sy Sinaba, mpanjakan'i Adma, sy Semebera, mpanjakan'i Zeboima, ary ny mpanjakan'i Bela (dia Zoara izany). Ary ireo rehetra ireo dia nanao fotoana ka nivory tao an-dohasahan'i Sidima (dia ny Ranomasin-tsira izany). Fa efa nanompo an'i Kedorlaomera roa ambin'ny folo taona ireo, fa tamin'ny taona fahatelo ambin'ny folo kosa dia niodina izy. Ary tamin'ny taona fahefatra ambin'ny folo dia tonga Kedorlaomera sy ireo mpanjaka nomba azy ka namely ny Refaita tany Astarta-karnaima sy ny Zozima tany Hama ary ny Emima tany Save-kiriataima ary ny Horita tany an-tendrombohitra Seïra hatrany Elparana, izay eo anilan'ny efitra. Dia niverina indray izy ireo ka nankany Ena-mispata (dia Kadesy izany) ka namely ny tany rehetra an'ny Amalekita sy ny Amorita koa, izay nonina tany Hazazon-tamara. Dia nivoaka ny mpanjakan'i Sodoma sy ny mpanjakan'i Gomora sy ny mpanjakan'i Adma sy ny mpanjakan'i Zeboima ary ny mpanjakan'i Bela (dia Zoara izany) ka nilahatra hiady amin'ireo teo an-dohasahan'i Sidima, dia tamin'Kedorlaomera, mpanjakan'i Elama, sy Tidala, mpanjakan' ny Goima, sy Amrafela, mpanjakan'i Sinara, ary Arioka, mpanjakan'i Elasara; dia mpanjaka efatra no niady tamin'ny mpanjaka dimy. Ary ny lohasahan'i Sidima, dia be lavak'asfalta, ary nandositra ny mpanjakan'i Sodoma sy ny mpanjakan'i Gomora ka latsaka tao; ary ny sisa nandositra tany an-tendrombohitra. Ary izy ireo namabo ny fananana rehetra tao Sodoma sy Gomora ary ny hanina rehetra, dia lasa nandeha. Ary namabo ny zana-drahalahin'i Abrama koa izy, dia Lota, mbamin'ny fananany, dia lasa nandeha; fa nonina tao Sodoma koa Lota. Ary tonga ny anankiray izay efa nandositra ka nanambara tamin'i Abrama Hebreo izay nonina teo an-kazo terebintan'i Mamre Amorita, rahalahin'i Eskola sy Anera; fa ireo dia olona efa vita fanekena tamin'i Abrama. Ary raha nahare Abrama fa lasan-ko babo ny rahalahiny dia nitondra ny ompikeliny valo ambin'ny folo amby telon-jato izy, izay efa nahay niady, ka nanenjika hatrany Dana. Dia nitokotoko hamely azy nony alina izy sy ny andevolahiny; dia namely azy izy ka nanenjika azy hatrany Hoba, izay ao avaratr'i Damaskosy. Ary nampody ny fananana rehetra izy, ary Lota rahalahiny sy ny fananany dia nampodiny koa mbamin'ny vehivavy sy ny vahoaka»*

**- Gen. 14:1-16.**

## Fampidirana

Ireo mambran'ny fianakaviana, nantsoina ho loharanom-pitahiana, dia mety manimba ny tenany indraindray amin'ny fanaovana safidy ho an'ny tombontsoan'ny tenany manokana ka miteraka olana ho an'ny hafa. Ao amin'ny toko faha-14 amin'ny bokin'ny Genesisy, dia tantaraina amintsika ny fomba nidiran'i Abrama an-tsehatra tamin'ny fanafahana an'i Lota zana-drahalahiny raha toa ity farany ka tsy nihevitra afa-tsy ny tombontsoan'ny tenany tamin'ny fisafidianana ny toerana tsara indrindra raha tokony ho namela an'i Abrama dadatoany, sady zokiolona hanao izany safidy izany voalohany.

## Ny anjaran'i Lota tamin'ny fahababoana

Rehefa nifidy ny anjara tsara i Lota dia tsy nihevitra mihitsy izy fa ho lasa takalon'aina, ho lasan-ko babon'ny fahavalo tao anatin'ny indray mipi-maso, dia ireo mpanjaka nanao fahirano ny firenena vaovao vao nifindrany monina. Izy izay nihevitra fa manana fiainana mahafinaritra sy harena be, dia indro fa voafonja ary tsy nanantena ny ho voavonjy.

Ny andininy faha 12 sy 13 amin'ny Genesisy 14 dia manambara manao hoe:

*« Ary namabo ny zana-drahalahin'i Abrama koa izy, dia Lota, mbamin'ny fananany, dia lasa nandeha; fa nonina tao Sodoma koa Lota. Ary tonga ny anankiray izay efa nandositra ka nanambara tamin'i Abrama Hebreo izay nonina teo an-kazo terebintan'i Mamre Amorita, rahalahin'i Eskola sy Anera; fa ireo dia olona efa vita fanekena tamin'i Abrama. »*

Mety ho nahatsiaro tena ho voafitak'i Lota zana-drahalahiny i Abrama. Ao amin'ny toko faha-13 amin'ny Genesisy, i Abrama, izay nampanantenain'Andriamanitra ny lova, dia nitondra tena ho mpampihavana mba hisorohana ny fifandirana tamin'ireo mpiandry ny ondrin'ny zana-

drahalahiny. Nozarain'i Abrama roa ny zavatra rehetra ary navelany i Lota, ilay kely indrindra hisafidy, raha toa ny fanajana ka mitaky efa hatrizay ny zokiolona hanao safidy voalohany, eny fa na dia hatramin'izao androntsika izao aza.

Raha mbola natao sesitany ireo mponia tao Sôdôma sy Gômôra, ary isan'izany i Lota, dia afaka nilaza tamin'ny tenany i Abrama, araka izay mety ho nataontsika manao hoe:

« Tompo ô, misaotra anao aho; fantatro fa hanao zavatra Ianao hamaliana io tsy fanajana nasehon'i Lota io. Azoko hatao ankehitriny ny maka ity tany mahavokatra izay nomaninao ho ahy ity. Indrisy ry Lota! Na manao ahoana na manao ahoana tokoa mantsy, dia tsy afaka manao na inona na inona ho azy aho manoloana io tafika lehibe io! » Tsy izany anefa no safidin'i Abrama.

Raha tokony hifidy harena i Abrama dia naleony nitazona ny safidiny ho an'ny fianakaviany sy izay mahatsara azy araka ny voalaza ao amin'ny toko faha-13.

Toy izao no fanazavan'i Ellen White ny toe-tsaina nanosika an'i Abrama:

« Hitantsika miharihary eto ny toe-tsaina mendri-kaja sy tsy tia tena nananan'ilay patriarika. Betsaka tokoa ny lehilahy, amin'ny fotoana toy izany no mifikitra amin'ny zony sy ny safidiny manokana! Betsaka tokoa ireo fianakaviana rava noho ny resaka tombontsoa manokana! Betsaka tokoa ireo fiangonana, noho izany antony izany ihany, no mizarazara ka mhahatonga ny anton'ny Filazantsara ho lasa fihomehezan'ny tsy mpino! » Ellen White, Patriarches et Prophètes, 111.2.

## I Abrama manavotra an'i Lota

*«Ary raha nahare Abrama fa lasan-ko babo ny rahalahiny dia nitondra ny ompikeliny valo ambin'ny folo amby telon-jato izy, izay efa nahay niady ka nanenjika hatrany Dana. Dia nitokotoko hamely azy nony alina izy sy ny andevolahiny; dia namely azy izy ka nanenjika azy hatrany Hoba, izay ao avaratr'i Damaskosy. Ary nampody ny fananana rehetra izy, ary Lota rahalahiny sy ny fananany dia nampodiny koa mbamin'ny vehivavy sy ny vahoaka. »* Genesisy 14 : 14-16

Tsy nihazona hatezerana tamin'i Lota i Abrama. Tsy nanosi-bohontànana ny zana-drahalahiny izay toa masiaka ka tsy mendrika ny ezaka ilaina hanafahana azy eo an-tànan'ireo mpamabo azy i dadatoa Abrama. Ny valin-tenin'ilay patriarka dia ny fanampiana an'izay mila izany, indrindra indrindra fa anisan'ny fianakaviany i Lota. Nanetsika haingana ny hery sy ny fahafaha-manao teo am-pelatànany i Abrama ka nianavaratra hanatratra an'i Lota.

I Abrama, miaraka amin'ireo mpanompony 318 izay be herim-po, dia nandeha niady tamin'ny tafika efa za-draharaha. Niroso tamin'ny faharesen-dahatra izy fa hitarika azy Andriamanitra ary hanome azy ny fandresena.

« Rehefa tsy nisy hatezerana tao aminy dia tsapany nifoha ny fitiavany ny havany ka nanapakevitra ny hamonjy azy izy. Rehefa avy naka hevitra tamim-bavaka izy dia niomana hiatrika ady. Tao amin'ny toby nisy azy dia namory mpanompo miisa valo ambin'ny folo sy telonjato izay nobeazina tamin'ny fanompoana an'Andriamanitra izy, ary nampiofanina hampiasa fitaovampiadiana. » Ellen White, Patriarches et Prophètes, 114.2.

Ny fanetsehana ny andian-tafika nananany dia nitondra fandresena ho azy; nanafika ireo mpanjaka izy ireo ary nanenjika azy hatrany Dana sy Hoba, avaratr'i Damaskosy; làlan-davitra miala an'i Hebrona izy io, saika efa ho 225 kilômetatra, ka mety efa nandany herinandro maromaro mihitsy. Nanao dia lavitra i Abrama ary nandany izany fotoana rehetra izany mba hamonjena an'i Lota zana-drahalahiny. Raha ny hanavotana ny iray amin'ny mambran'ny fianakaviana amin'ny fahababoana dia tsy misy halaviran-dàlana lavitra ka tsy andehanana, tsy misy sandany lafobe ka

tsy aloa. Raha andevozin'ny ota ny iray amin'ny mpianakavy, dia tsy maintsy manao izay rehetra azontsika atao mba hanavotana azy amin'ny fahababoana isika. Ary tamin'ny fanaovany izany dia tsy vitan'ny hoe namonjy an'i Lota zana-drahalahiny fotsiny i Abrama, fa namonjy ihany koa ireo vehivavy, ireo ankizy ary ireo olona hafa rehetra izay nalaina an-keriny ihany koa.

Rehefa manavotra ny iray amin'ireo mambran'ny fianakavianao ianao, dia ampiasain' Andriamanitra ny ezaka ataonao mba hamonjena ny hafa ihany koa.

## Fehiny

Novonjen'i Abrama i Lota, na dia nanao safidy ratsy aza ity farany, ka naka ho an'ny tenany ny faritra mahavokatra indrindra teo amin'ny firenena, raha tokony niala teo anoloan'ny dadatoany izy. Ny fitiavana sy ny toe-tsaina tsy tia tena nananan'i Abrama dia tsy nanome toerana ny hatezerana na fihetseham-po mangidy tamin'i Lota izay isan'ny fianakaviany.

Ny fitiavana mampifamatotra ny fianakaviana dia manosika antsika hamela heloka sy hanadino ireo hetsika ratsy vita, satria fantatsika fa tsy misy olona tonga lafatra. Ambonin'izany, ilay fitiavana mampifamatotra ny fianakaviana, izay Kristy no loharano niaviany dia mitarika antsika hahatakatra ny andraikitsika handeha ka hamonjy ireo izay nohajambain'ny tombontsoan'ny tenan'izy ireo manokana ka niteraka ny fahavoazany.

« Ny fo izay itoeran'i Jesôsy dia tsy afaka manafina ny tara-pahazavan'izany fanatrehana izany (...) Amin'ny maha solontenan'Andriamanitra eto an-tany ireo mpino, dia tsy maintsy ho jiro manazava ny aizim-pitondrantena eto amin'izao tontolo izao izy ireo. Raha miely any amin'ny faritany, any an-tanàna sy ny vohitra samihafa izy ireo, dia natao ho vavolombelona, ambasadaoro amin'ireny toerana ireny, ka amin'ny alalan'izy ireo no irin'i Jesôsy hampitana amin'ny tontolo ratsy ny fahalalana ny sitrapony sy ny halehiben'ny fahasoavany. Ny faniriany dia ny hahatonga ireo rehetra mandray anjara amin'ny famonjena lehibe avy Aminy ho tonga misiôneran'ny Avo Indrindra. » Ellen White, Patriarches et Prophètes, 113.2, 113.3.

Ary tsy maintsy manomboka eo amin'ny fianakaviany izy!

## Fanontaniana hosaintsainina:

1. Mety hisy hatezerana ve ao am-ponao manoloana ny iray amin'ny fianakavianao izay tokony esorinao sy/na fihetsika diso toerana nataon'ny iray amin'ny fianakavianao ka tokony havelanao, na ianao no nahatonga izany niseho na ianao no niharany? Mangataha an'Andriamanitra hanampy anao hiatrika izany zava-misy izany.
2. Vonona handeha hanavotra ny iray/ireo mambran'ny fianakavianao izay mety ho nivily làlana ve ianao, na dia efa nampitandrina azy ireo aza?

Talata 08 Septambra 2020

# 3 Ny fanekena nataon'ilay vehivavy janga hamonjena ny tenany sy ny fianakaviany (Josoa 2 : 6 : 22-25)



*«Kanjo efa nampiakarin-dravehivavy any an-tampon-trano izy ka nafeniny ao amin'ny tahon-drongony, izay efa nalahany teo amin'ny tampon-trano. Dia nandeha izy roa lahy ka nankany an-tendrombohitra ary nitoetra tany hateloana mandra-piverin'ny mpanenjika; ary nitady azy tamin'ny làlana rehetra ny mpanenjika, nefa tsy nahita. Dia niverina izy roa lahy ka nidina avy tany an-tendrombohitra, dia nita ny ony ary nankany amin'i Josoa, zanak'i Nona, ka nilaza ny zavatra rehetra izay efa nihatra taminy, ka hoy izy tamin'i Josoa: Efa natolotr'i Jehôvah eo an-tanantsika tokoa ny tany rehetra; ary efa ketraka ny mponina rehetra amin'ny tany noho ny tahotra antsika»*

**- Jos. 2:22-24.**

## Fampidirana

Ilay fitenenana manao hoe « manamboatra zaza isika fa tsy manamboatra ny fony » dia hainteny iray izay matetika ampiasaina eo amin'ny fiaraha-monina mba hanadiovan-tena amin'ny safidy ratsy rehetra ataon'ny zanaka na ny iray amin'ireo mambran' ny fianakaviana ka mety hitondra fahafaham-baraka ho an'ny fianakaviana manontolo. Ny ankizy iray na ny iray amin'ireo mambran' ny fianakaviana izay mifidy làlan-diso dia matetika no lavin'ny fianakaviany, ary io olona io no hany olona farany hitodihan'ny fianakaviana raha ilaina izany, satria inona tokoa moa no azon'ny olona toy izany hatao hahatsara ny fiainan'ny fianakaviany? Eo anatrehan'izany fiheverana ankapobeny izany, dia tsy izay no zava-niseho tamin'i Rahaba, izay fantatra kokoa amin'ny maha vehivavy janga azy tao amin'ny tanànan'i Jerikô. I Rahaba, noho ny finoany tena izy sady matanjaka noho ny tady, dia nitarika ny ankohonany rehetra handositra ny fandringanana an'i Jerikô sy handray ny famonjena avy amin'Andriamanitra.

### I Rahaba (ilay vehivavy janga) sy ny tanànan'i Jerikô

Ny tanànan'i Rahaba, i Jerikô dia mitoetra eo amin'ny lohasaha iray sahabo ho 16 km any avaratra andrefan'ny Ranomasina Maty. Nanana rindrina matevina manodidina azy io tànana io ka nahasarotra ny fandresena azy, ary tsaroan'i Josoa tsara izany tamin'ny fisafoana nataony 38 taona lasa izay. Tanàna iray tsy azo nihodivirana i Jerikô tamin'ny fandresena an'i Kanàna, ary ny fidirana ho ao amin'ny Tany nampanantenaina dia tsy maintsy mamakivaky io tanàna io.

Ny toko faha-2 amin'ny Josoa, eo amin'ny andininy 1 dia milaza hoe:

*« Ary Josoa, zanak'i Nona, dia naniraka mpisafo roa lahy mangingina avy tany Sitima ka niteny taminy hoe: Mandehana, izahao ny tany, indrindra fa Jerikô. »*

Tsy fialan-tsasatra nitadiavana fahafinaretana tany amin'ny faritra manopy menan'i Jerikô izany dia lavitra izany ho an'ireo mpisafo tany roa ireo. Amin'ireny kolontsaina mpanompo sampy ireny, ny trano lehibe manakaiky ny vavahadin'ny tanàna dia matetika nampiasaina ho efitra fandraisam-bahinin'ny tanàna ho an'ireo mpivezivezy. I Rahaba sy ny fianakaviany dia nitantana iray amin'ireny trano fandraisam-bahiny teo amin'ny rindrina ireny, izay nandalovan'ireo mpandeha lavitra efa zadraharaha. Matetika ireny toerana ireny dia mametraka lanjany bebe kokoa amin'ny « fandriana » izay ananany amin'ny vidiny mirary, ary tamin'izay fomba izay no nahazoan'i Rahaba ny anaram-bositra hoe vehivavy janga.

I Jerikô dia tanàna feno faharatsiana izay nomen'Andriamanitra fahafahana hibebaka. Tsy miresaka betsaka momba ireo mponina izay nipetraka tao anatin'ny rindrin'i Jerikô ny lahatsoratra; kanefa hita ho ratsy fitondran-tena tokoa ireo olona ireo satria ny tanàna sy ny mponina ao dia hofongorana araka ny fianianana nataon'i Josoa, ary tsy havaozina io tanàna io raha tsy te ho voaozona izay manorina azy indray (Josoa 6:26). Izao no ambaran'i Ellen White amintsika :

*« Fa ny Kananita dia niaina tamin'ny fanompoan-tsampy faran'izay ratsy indrindra. Nilaina noho izany ny nanadio io firenena io tamin'ny faharatsiana izay mety hanimba ireo drafitry ny fahatsaran'Andriamanitra. Nanana fotoana ampy hiovana fo ireo mponina tao Kanana. »* Ellen White, Patriarches et Prophètes, 472.3, 473.1

### I Rahaba (ilay vehivavy janga) sy ny finoany izay matanjaka noho ny tady

Tsy mahagaga anao ve ny fahitana fa amin'ireo olom-pirenen'i Jerikô rehetra izay nofidin'Andriamanitra hovonjena tamin'ny fandringanana, dia tsy nifidy ny renibe tsara fanahy indrindra na ny ankizy madinika maha-te ho tia indrindra, na zazakely tsy manantsiny indrindra Izy, fa vehivavy nanana fiainana ratsy izay antsoina hoe vehivavy jangan'i Jerikô araka ny voalazan'i Josoa ao amin'ny toko faha-2 kosa? Ny olombelona dia mirona hatrany amin'ny fijerena izay manaitra ny maso, fa Andriamanitra kosa dia mijery izay ao am-pon'ny olona iray ary izany no nitranga tamin'i Rahaba.

Ny tanànan'i Jerikô dia mitoetra eo amin'ny toerana stratejika eo anivon'ireo kaontinanta telo, ka betsaka ireo mpanao dia lavitra no nandalo ary nijanona teo mba hisakafo sy hiala sasatra, indrindra fa ireo andian'olona izay nitondra entana maro isan-karazany. Na dia tsy nisy gazety na tambajotra sôsialy aza tamin'izany fotoana izany, ny vaovao dia niely haingana dia haingana noho ireo fifampiraharahana andavanandro teo amin'ireo mpanao dia lavitra izay avy any amin'ny faritra samihafa – « ny fiampitana ny Ranomasina Mena! » na « ny sakafo nilatsaka avy tany an-danitra! » dia anisan'ireo lohateny lehibe sy lohahevitra mafana nanerana ny tanàna. Ny vahoakan'i Jerikô dia nandre mikasika ny vahoaka Isiraely sy ny fahagagana nataon'Andriamanitra ho an'io vahoaka io izay nandao an'i Egipta tamin'ny fomba mahery vaika. Izany no nolazain'i Rahaba tamin'ireo mpisafo tany roa avy amin'ny vahoaka Isiraely tonga tao Jerikô ka nafeniny tao an-tranony mba hiarovana azy ireo amin'ny miaramilan'ny mpanjaka izay nitady azy ireo:

*« Fa efa renay ny nanamainan'i Jehôvah ny Ranomasina Mena teo anoloanareo tamin'ny nivoahanareo avy tany Egipta, sy izay nataonareo tamin'ny mpanjaka roa tamin'ny Amorita, izay tany an-dafin'i Jordana, dia Sihona sy Oga, izay novonoinareo. Koa nony efa renay izany, dia ketraka ny fonay, ka very hevitra avokoa izahay noho ny aminareo; fa Jehôvah Andriamanitrareo, Izy no Andriamanitra any amin'ny lanitra ambony sy ety amin'ny tany ambany. »* Josoa 2 : 10, 11 (nampiana fanamafisana).

Ny fandrenesana mikasika ny herin'Andriamanitra dia tsy nanova ny fanapahan-kevitry ny vahoaka na ny mpanjakany; nanapa-kevitra ny hanohitra sy hiady amin'Andriamanitra izy ireo raha tokony ho nilefitra. I Rahaba kosa dia efa nifidy ny anjarany ary nanao safidy na dia nilaina aza ny nanohitra ny mpanjaka sy ny mponina rehetra tao Jerikô. Tamin'ny fanekena hiara-dia amin'ny vahoakan'Andriamanitra dia nekeny ny loza mitatao hovonoin'ny mpanjaka, saingy ho azy dia nilaina izany satria naniry hanompo ny Andriamanitry ny Isiraely izay tia sy mitarika ny vahoakany amin'ny sandriny mahery izy. Resy lahatra i Rahaba fa ny finoana sy ny fivavahana tao Jerikô dia hadalana fotsiny ihany, sady tsy misy dikany tahaka ny fivavahana hafa rehetra tamin'izany fotoana izany ihany. Ny vahoakan'i Jerikô sy i Rahaba dia samy nandre mikasika ireo fahagagana nataon'ilay Andriamanitry ny Isiraely; fa ny fahasamihafana kosa dia ny tsy nijanonan'i Rahaba tamin'ny fahalalana ivelambelany fotsiny toy izay nitranga teo amin'ny vahoaka sy ny mpanjaka, fa nanapa-kevitra izy ny hiandany amin'Andriamanitra, ary namaly ilay antso tamim-pinoana mafy orina sady matanjaka kokoa noho ny tady izay nampiasaina hampidinana ireo mpisafo tany roa mba ho voavonjy izy ireo.

*« Ary raha mbola tsy natory izy roa lahy, dia niakatra nankao aminy tao an-tampontrano ravehivavy ka nanao taminy hoe: FANTATRO fa efa nomen'i Jehôvah anareo ny tany, ary efa latsaka aminay ny fahatahorana anareo, sady efa ketraka ny mponina rehetra amin'ny tany noho ny tahotra anareo. »* Josoa 2 : 8, 9 (nampiana fanamafisana).

Tamin'ny fampiasana ilay teny hoe « fantatro » eo amin'ny andininy faha-9, i Rahaba dia nampiseho ny finoany ilay Andriamanitry ny Isiraely sy ny fahazoany antoka fa ny Andriamanitry ny Isiraely dia handresy ny tanànan'i Jerikô. Zava-dehibe ny mahafantatra mikasika an'Andriamanitra, saingy zavatra iray hafa ny mahalala an'Andriamanitra manokana ho an'ny tenany sy mamaly ny antso avy Aminy! Azo antoka fa nanova ny fiainany i Rahaba rehefa nanapa-kevitra ny hatoky an'Andriamanitra sy hiara-mandeha Aminy.

## I Rahaba sy ny fanekena nataony ho famonjena ny tenany sy ny fianakaviany

I Rahaba dia tapa-kevitra tanteraka ny hanaraka an'Andriamanitra, ilay Mpahary sady Tompon'ny tany rehetra. Rehefa avy naneho ny finoany an'Andriamanitra tamin'ny fanampiany ireo mpisafo tany roa ireo izy, dia nanao fanekena tamin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ireo mpisafo tany roa lahy ireo:

« *Koa ankehitriny, masìna hianareo, mba ianiano amin'i Jehôvah aho fa araka ny namindrako fo taminareo no mba hamindranareo fo amin'ny ankohonan'ny raiko kosa, ka omeo famantarana mahatoky aho fa hoveloминareo ny raiko sy ny reniko sy ny anadahiko sy ny rahavaviko ary izay rehetra mety ho azy; dia hamonjy ny ainay tsy ho faty hianareo.* » Josoa 2 : 12, 13

Tsy nihevitra ny famonjena ny tenany samirery fotsiny i Rahaba, fa nihevitra ny fianakaviany ihany koa. Niriny fatratra ny hamonjena azy ireo rehefa hotafihina sy horavana i Jerikô. Izany dia tokony ho iray amin'ireo toetra ananan'ny mpianatr'i Jesôsy. Raha vao mivavaka isika manao hoe: « Tompo ô, vonjeo aho! », ny vavaka tokony asandratsika manaraka dia manao hoe: « Tompo ô, vonjeo ireo malalako ireo! » Ary izany vavaka izany dia tokony mifanaraka amin'ny fitondran-tena ilaina.

Ny andininy 17 sy 18 dia manome antsika ny famantarana hita maso izay nampiasaina hamonjena an'i Rahaba sy ny fianakaviany nandritra ny fanafihana. Ny kofehy jaky dia tsy maintsy hafehy eo amin'ny varavarankely mba ahafahan'ny olona manavaka ny tranon'i Rahaba, ka tsy handringanana azy mandritra ny fanafihana; tsara ihany koa ny manamarika fa ilay teny ampiasaina ho an'ny 'kofehy' amin'ny dikanteny fototra dia midika ho fanantenana, fototry ny faniriana. Fanampin'izany, ity kofehy miloko jaky ity izay natao ho hita miharihary dia mampahatsiahy antsika ny fanafahana ny zanak'Isiraely tamin'ilay anjelin'ny fahafatesana tany Egipta, tamin'ny alalan'ny ran'ny zanak'ondry izay natentina teo amin'ny tolam-baravarana sy ny tataom-baravaran'ny trano tsirairay – ilay kofehy jaky dia maneho ny fanantenana ny famonjena ho an'i Rahaba sy ny fianakaviany, tahaka ilay rà nalatsak'i Jesôsy ho famonjena antsika ankehitriny. Rehefa tsy nanana fisalasalana tamin'ny tenany intsony izy, dia fantatr'i Rahaba tsara fa izay rehetra ao an-tranony amin'ny andro fanafihana dia hovonjena amin'ny fandringanana. Azo antoka fa tsy maintsy nihazakazaka ho any amin'ny havany rehetra izy mba hiresaka amin'izy ireo amin'ny faharesen-dahatra tsy misy toa azy fa tsy maintsy mijanona ao an-tranony izy ireo mba hovonjena; nandresy lahatra azy ireo izy hanaiky sy hino ny zavatra efa azony sy nekeny tao am-pony. Ilay kofehy jaky dia mariky ny fanantenany ary tamim-pinoana no nitokiany ka tsy nametra-panontaniana izy, ary izany ihany koa no nataon'ireo malalany. Miharihary amintsika izany fanantenana izany, ilay vokatra nandrandrain'i Rahaba sy ny fianakaviany ao amin'ny Josoa 6: 22-25; nony farany, izay voalaza sy nampanantenaina dia tanteraka.


## Fehiny

Ohatra miavaka ny vavaka nataon'i Rahaba! Raha toa ka i Rahaba irery ihany no voavonjy, nanao ahoana re izy e, ilay hany vahiny tokana teo anivon'ny vahoaka Isiraely, namoy fo fa very avokoa ireo akaiky azy rehetra? Ny sitrapon'Andriamanitra dia ny hamonjy ny fianakaviana manontolo. Afaka nandresy lahatra ny fianakaviany manontolo i Rahaba mba hitoetra ao an-tranony rehefa noravan'i Jehôvah ny tanànan'i Jerikô. Tena nety tsara ny fanambaran'ilay kristianina fanta-daza manao hoe: « Tsy mifidy ireo mambra ny fianakavianao ianao. Fanomezana avy amin'Andriamanitra ho anao izy ireo, tahaka anao ho azy ireo. » Tamin'ny alalan'ny ohatra avy amin'i Rahaba dia tian'ny Tompo ny haneho amintsika fa tsy maintsy mitalaho ho an'ny fianakaviantsika manontolo isika. Ankoatr'izay dia nanana tombontsoa lehibe ho isan'ny razamben'i Jesôsy Kristy izy (Matio 1 : 5).

## Fanontaniana hosaintsainina:

1. Raha ho tsy maintsy lanjain'Andriamanitra ny finoanao, inona no ho vokatr'izany? Moa ve ianao mahafantatra zavatra mikasika an'Andriamanitra fotsiny, sa tena fantatrao ho an'ny tenanao manokana Izy? Eritrereto ary valio isam-batan'olona ireo fanontaniana ireo.
2. Aiza no misy ireo mambran'ny fianakavianao amin'izao fotoana izao? Inona no azonao atao na tokony hataonao ahafahan'izy ireo mahafantatra an'Andriamanitra ihany koa?

Alarobia 09 Septambra 2020



# 4 I Nehemia sy ireo 'M' 3 enti-manangana indray ny mandan'ny fianakaviana (Nehemia 4 : 7-9)

*«Dia nasiako olona teo amin'ny fitoerana ambany, teo ivelan'ny mànda sy teo an-karihary; eny, nalahatro ny olona araka ny fokony avy, samy nitàna sabatra sy lefona ary tsipìka. Dia nijery aho sady nitsangana ka nilaza tamin'ny manan-kaja sy ny mpanapaka mbamin'ny vahoaka sisa hoe: Aza matahotra azy hianareo; ny Tompo lehibe sy mahatahotra no tsarovy, ka miadia hiaro ny rahalahinareo sy ny zanakareo-lahy sy ny zanakareo-vavy sy ny vadinareo ary ny tranonareo. Ary nony ren'ny fahavalontsika fa efa fantatray izany, sady efa nofoanan'Andriamanitra ny heviny, dia niverina ho amin'ny mànda izahay rehetra, samy ho amin'ny asany avy indray»* **- Neh. 4:7-9.**

## Fampidirana

Ny fitsipika araka an'i Murphy dia zavatra izay matetika ampiasaintsika hanehoana ny toe-tsaina miiba ananantsika na dia tsy mbola miasa akory aza isika. Toy izao ny momba ity fitsipika ity: « izay rehetra mety tsy hanjary, dia tsy hanjary! » Toy izao no fomba iray hafa ilazana azy io araka ny voalazan'ny Wikipedia: « raha tsy misy afa-tsy fomba roa no azo hanaovan-javatra iray, dia ny iray amin'izy ireo farafaharatsiny dia hitera-doza, kanefa tsy maintsy hisy olona hizotra amin'izany làlana izany. » Izany no mitranga ao amin'ny toko faha-4 amin'ny bokin'i Nehemia, izay niezahan'ireo fahavalo hampiasa ity fitsipika ity hanakiviana ny vahoaka; nampiasa antsonjay ara-tsaina sy nanao tsikera mahakivy izy ireo mba hahatonga ny olona hisalasala amin'ny asany. Niatrika fanoherana mahery vaika sy mafy i Nehemia tamin'ny fananganana indray ny mandan'i Jerosalema izay natao ho fiarovana ny vahoaka. Toy izany koa no miseho eo amin'ny fiainantsika isam-batan'olona sy isam-pianakaviana; ny devoly dia mampiasa ny fomba rehetra hanakanana antsika tsy hanorina indray ny manda enti-miaro ny fianakaviana, izay efa simba na potika noho ny safidy ratsy eo amin'ny fiainana, ary indrindra noho ny fahotana.

## I Nehemia sy ny fananganana indray ny mandan'i Jerosalema

I Nehemia, ilay mpitarika jiosy dia afaka nitondra olona nanolo-tena an-tsitrapo hiverina ho any Jerosalema mba hanangana indray ny mandan'i Jerosalema izay rava taona maro lasa izay. Taorian'ny fahombiazana tamin'ny fanorenana indray ny tempoly teo ambany fitarihan'i Ezra, dia mila fiarovana ny tanàna ary noho izany dia nirahin'Andriamanitra ho any Jerosalema i Nehemia hitarika ny asa fananganana indray ny manda. Ny fahavalo teo ambany fitarihan'i Sanbala sy i Tobia dia nampiasa drafitra fanakiviana tamin'ny alalan'io fitsipika araka an'i Murphy io ka nampiasa fanivaivana sy fanesoana hampivily ny vahoaka, izay tsy nahasakana azy ireo hanohy ny ezaka izany.

Tsy nahomby ny hafetsen'ny fahavalo ary efa tonga eo amin'ny antsasany mahery ny manda vita, kanefa tsy nipetraka fotsiny amin'izao ny fahavalo. Nitombo ny hatezeran'ireo mpanohitra ary nanomana drafitra iray hafa tamin'ny alalan'ny fampiasan-kery izy ireo hampitsaharana ny asa nataon'ny vahoakan'Andriamanitra. Tsy nilefitra i Nehemia; nandeha nivavaka izy ary nametraka mpiambina andro aman'alina hiomana amin'izay rehetra mety hitranga (and. 3) ; nakamban'i Nehemia ireo fahafaha-manao ara-panahy sy ara-materialy teo am-pelatànany. Ity fametrahana mpiambina ity dia nampihena ny hery ara-batana teo amin'ny vahoaka, sady niteraka fahakiviana teo anivon'ny vahoaka ihany koa ka toa mahazo vahana ny fitsipika araka an'i Murphy (and. 4) ary azo inoana fa hanome vahana ny fahavalo izany (and. 5-6). Manoloana izany zava-tsarotra izany dia tsy niraviravy tànana i Nehemia fa nanokana fotoana izy aloha handaminana ny zava-misy (and. 7), avy eo dia nihevitra ireo fahafaha-manao ara-panahy eo am-pelatànany ka niantso ny vahoaka hampiasa izany (and. 8); izany no nahafahan'i Nehemia sy ny vahoaka niatrika ilay fotoan-tsarotra ary namita ny fanamboarana tao anatin'ny 52 andro (Nehemia 6:15).

## I Nehemia sy ireo 'M' 3

Ny tetikasa hananganana indray ny mandan'i Jerosalema dia dingana iray izay nampiasain'Andriamanitra hanorenana indray ny fiainana sy ny toe-panahin'ny vahoakany, eo amin'ny fiainan'ny isam-batan'olona sy isam-pianakaviana taorian'ny sesitany. Tahaka ny niatrehan'i Nehemia ny fanoheran'ny fahavalo teo am-pananganana ny mandan'i Jerosalema sady nananganana ny fiainana ara-panahin'ny vahoaka sy ny fianakaviany avy araka ny baikon'i Jehôvah, dia miatrika fahavalo tsy manam-paharoa koa isika – ny devoly izay mandehandeha tahaka ny liona (1 Petera 5: 8) – miezaka manakana antsika tsy hanorina ny manda fiarovana ho an'ny fiainantsika ara-panahy manokana sy ny fianakaviantsika. Saingy toy ny nahombiazan'i Nehemia tamin'ny fampiasana ny herin'Andriamanitra mba hampiraisana indray ny fianakaviana amin'ny alàlan'ny 'M' 3 ao amin'ny andininy faha-8, dia afaka mahomby koa isika miaraka amin'ny herin'Andriamanitra amin'ny fananganana (indray) ireo fefy manodidina ilaina hiarovana antsika.

*i. Aza matahotra azy hianareo !*

Ny fahavalo tamin'ny andron'i Nehemia dia feno fankahalana ary nanao teny mahery sy fihetsika mandrahona hamotehana ny tetikasan'ny vahoakan'Andriamanitra, satria tsy azony ekena ny fanirian'Andriamanitra hanome ho an'ny vahoakany ny fitahiana sy ny niantsoany ity farany hanome voninahitra ny anarany. Ny fianakaviana dia harena izay nankinin'Andriamanitra amintsika ary nantsoina ho mpiambina sy mpiaro ara-panahy azy isika amin'ny fotoana rehetra amin'ny alalan'ny fanoherana ilay fahavalon'ny vanim-potoana rehetra izay mampiasa ny karazana filôzôfian'olombelona diso mba hampivily ny fianakaviana. Ny mpiambina dia olona miambina zavatra sarobidy – ary amin'ny maha-mpiambina ny fianakaviana dia antsoina isika hiambina ara-batana sy ara-panahy ny zanatsika, ny vady andefimandry, ireo havana, ny fianakaviana manontolo izay tena harena lehibe (1 Timoty 5: 8). Ny mpiaro kosa, etsy andaniny, dia olona miaro amin'ny faharesen-dahatra tanteraka ny finoany sy ireo soatoavina tànany. Eo amin'ny sehatry ny tokantrano, dia antsoina isika hiaro ireo soatoavin'ny fianakaviana izay nomen'ilay mpanorina azy – dia Andriamanitra tenany mihitsy tamin'ny alalan'ny teniny – na dia manohitra izay mety ho eritreritra sy fanambaran'ny olona ankehitriny aza izany. Noho izany, ny fandavana ny olombelona sy ny filôzôfia noforoniny dia teny baiko avy amin'Andriamanitra!

*ii. Ny Tompo lehibe sy matahotra no tsarovy !*

Raha tokony ho natahotra ireo olona manodidina azy i Nehemia, dia nandidy ny vahoaka hahatsiaro ny fahalehibiazan'Andriamanitra izay nanafaka azy ireo sy nanao fahagagana ho azy. Tsy maintsy nanohy nanangana indray ny manda ny vahoaka satria ny herin'Andriamanitra no niaraka sy nitarika azy ireo hamita ny asa. Tsy afaka ny hatsiaro an'Andriamanitra isika raha tsy matahotra Azy! Ny fahatahorana an'i Jehôvah no fiandoham-pahendrena hoy i Sôlômôna amintsika, ary mihazona antsika eo amin'ny làlana marina izany. Amin'ny maha-vahoakan'Andriamanitra antsika sady Azy isika, dia adidintsika ny manatanteraka izay angatahina ataontsika na dia tsy azontsika tanteraka aza izany – ny finoana ananantsika no tokony handresy! Ny fianakaviana dia tsy maintsy mitahiry raki-tsary fahatsiarovana ara-panahy ireo asa nataon'Andriamanitra ho azy nandritra ny fisiany, ary miankina amin'ny fahatokiana Azy amin'ny fotoana rehetra; izany no ahafahany manangana na hanangana indray ny manda fiarovana ny tokantrano manontolo amin'ny fanafihan'ilay Ratsy. « Ny ray aman-dreny izay mametraka an'Andriamanitra ho lohalaharana ao an-tokantranony, mampianatra ireo zanany fa ny fahatahorana an'i Jehôvah no fiandoham-pahendrena dia manome voninahitra an'Andriamanitra eo anatrehan'ireo anjely sy eo anatrehan'ny olona amin'ny fanehoana amin'izao tontolo izao, fianakaviana iray mirindra sy voafehy tsara, fianakaviana izay tia sy mankatò an'Andriamanitra (…) » Ellen White, Le Foyer Chrétien, 27. 2.

*iii. Miadia hiaro ny fianakavianao !*

Niantso ny vahoaka i Nehemia hiaro ny tenany sy ny fianakaviany. Tsy natahotra olombelona fa natahotra an'Andriamanitra tamin'ny fahatsiarovana izay rehetra momba Azy ny vahoaka, ka nantsoina hitsangana sy hiaro izay nankinin'Andriamanitra taminy. Inona no sarobidy kokoa mihoatra noho ny fianakaviana? Satria ny marika kendren'ny devoly voalohany dia ny tokantrano, ny fianakaviana dia antsoina hiady mba hiambina ny azy, hijoro toy ny tompon-daka – tompon-daka natao ho ohatra ho

an'ny hafa; tompon-daka mahatratra ny tanjony; tompon-daka tsy mihemotra na oviana na oviana! Ny tsy firehana dia tsy manana toerana ho an'izay miady ho tompon-daka! Inona avy ireo fitaovam-piadiana amin'ity ady ity ahafahana manangana (indray) ny manda fiarovana ny fianakaviana?

a. Ny vavaka dia iray amin'ireo fitaovam-piadiana nampiasain'i Nehemia (and. 3), ary iantsoana antsika ihany koa ankehitriny ny hampiasa azy mihoatra noho ny taloha mba ahazoana fandresena. Ny vavaka dia fitaovam-piadiana iray manan-danja lehibe amin'ireo fitaovam-piadiana rehetra ananantsika satria ny ady atrehintsika dia tsy amin'ny nofo fa amin'ireo fanahy ratsy; ady ara-panahy izany.

b. Ny fitoriana ny vaovao mahafaly momba ny famonjena sy ny fampianarana Baiboly dia fitaovam-piadiana iray hafa manan-danja izay manampy ny fianakaviana hijoro amin'ny làla-marina sy hiomanana amin'ny fandresena faratampony. « Miadia ny ady tsaran'ny finoana, hazòny ny fiainana mandrakizay(…) » (1 Timoty 6:12)

Ny hoe miady ho an'ny fianakaviany dia midika ho miambina ny fiainany ara-panahy ary manome izay ilainy hiomanana amin'ny fiainana mandrakizay. Tahaka ny nandidian'i Nehemia ny vahoaka hiady, dia toy izany koa no iantsoan'Andriamanitra antsika ankehitriny hiandany ary hitondra ho eo Aminy ireo izay nankininy tamintsika.

Tsy irery isika amin'izany ady izany satria momba antsika Andriamanitra (Eksôdôsy 14:14; Nehemia 4 : 14). « Mampanantena ny fanohanany Andriamanitra isaky ny tojo tsy fahampiana ny olombelona.» Ellen White, Prophètes et Rois, 502. 3.

## Fehiny

Raha toa ka ny tokantrano no tena marika kendren'ny devoly voalohany, dia tsy maintsy mahazo antoka isika fa ny laharam-pahamehana ho antsika dia ny fiarovana azy amin'ny alalan'ny fananganana ny manda manodidina ilaina. Ny fananana fianakaviana dia midika ho fiatrehana ady ho azy eo amin'ny ambaratonga rehetra ary anisan'izany ny lafiny ara-panahiny. Ny fahazoana antoka mitohy ny fananganana io manda fiarovana io sy ny fikojakojana azy mba hiarovana ny fianakaviana sy hiambenana azy toy ny ataon'ny mpiambina mailo, dia andraikitra izay miankina amin'ny tsirairay avy amin'ny fianakaviana. Eo anivon'ny fianakavian'Andriamanitra izay miatrika ity ady ara-panahy ity, dia tsy misy toerana ho an'ny fitsipika araka an'i Murphy satria ny fandresena dia azo antoka miaraka amin'Andriamanitra. Mendrika iatrehana ady ny fianakaviana.

## Fanontaniana hosaintsainina:

1. Amin'ireo andraikitrao rehetra andavanandro, inona no laharam-pahamehana aminao? Inona no toerana tànan'Andriamanitra sy ny fianakavianao eo amin'ny fiainanao?

1. 2.Inona avy ireo fahazarana tokony hananan'ny fianakavianao hanamafisana ny fitarihan'Andriamanitra mba hananana tokantrano sy fomba fiaina ara-panahy?

Alakamisy 10 Septambra 2020

# 5 Demoniaka lasa mpianatra ! (Marka 5 : 1-20)



*«Ary tonga teny am-pitan'ny ranomasina tao amin'ny tanin'ny Gerasena izy ireo. Ary nony niala teo an-tsambokely Izy, niaraka tamin'izay dia nisy lehilahy azom-panahy maloto nivoaka avy teny amin'ny fasana ka nifanena taminy, fa nitoetra tao amin'ny fasana izy; ary tsy nisy olona nahafatotra azy intsony na dia tamin'ny gadra aza. Fa efa nafatony matetika tanin'ny gadra, na ny tànany, na ny tongony; nefa ny gadra tamin'ny tànany notapahiny, ary ny gadra tamin'ny tongony notorotoroiny, ka tsy nisy olona nahafolaka azy. Ary mandrakariva, na andro na alina, dia nitoetra teny amin'ny fasana sy teny an-tendrombohitra izy ka ninananana sady niteti-tena tamin'ny vato. Fa nony nahita an'i Jesôsy teny lavitra eny izy, dia nihazakazaka ka niankohoka teo anatrehany sady niantso tamin'ny feo mahery hoe: Moa mifaninona akory izaho sy Hianao, ry Jesôsy, Zanak'Andriamanitra Avo Indrindra? Ampianianiko amin'Andriamanitra Hianao, aza mampijaly ahy, satria Jesôsy efa nanao taminy hoe: Mivoaha amin'ity lehilahy ity, ry fanahy maloto. Dia nanontany azy Jesôsy hoe: Iza moa no anaranao? Ary izy namaly hoe: Legiona no anarako, satria maro izahay. Ary nifona mafy taminy izy mba tsy horoahiny hiala amin'izany tany izany. Ary nisy kisoa maro andiany iray nandrasana teny akaikin'ny tendrombohitra. Ary nifona taminy ireo ka nanao hoe: Alefaso izahay ho any anatin'ny kisoa mba hiditra any aminy. Dia neken'i Jesôsy. Ary ny fanahy maloto, rehefa nivoaka, dia niditra tao anatin'ny kisoa; ary ireo kisoa andiany ireo nitratrevatreva teny amin'ny hantsana ho any amin'ny ranomasina (tokony ho roa arivo no isany), ka dia maty tany amin'ny ranomasina izy. Ary ny mpiandry azy dia nandositra ka nilaza tao an-tanàna sy tany an-tsaha. Dia nandeha ny olona mba hizaha izany zavatra izany; ary tonga tany amin'i Jesôsy izy ka nahita ilay demoniaka, izay nisy ny legiona, fa indro izy nipetraka nitafy lamba sady ary saina; ka raiki-tahotra ny olona. Ary izay efa nahita dia nilazalaza tamin'ny olona izay natao tamin'ilay demoniaka sy ny amin'ny kisoa. Ary nifona tamin'i Jesôsy izy mba hiala amin'ny taniny. Ary rehefa hiondrana teo an-tsambokely Jesôsy, dia nangataka taminy ilay demoniaka mba hanaraka Azy. Nefa tsy navelan'i Jesôsy izy; fa hoy Izy taminy: Modia ihany any an-tranonao ho any amin'ny havanao, ka lazao aminy izay zavatra lehibe nataon'ny Tompo taminao sy ny namindrany fo taminao. Dia nandeha izy ka nitory tany Dekapolisy izay zavatra lehibe efa nataon'i Jesôsy taminy; ka dia gaga ny olona rehetra»*

**- Mar. 5:1-20.**

## Fampidirana

Ny fitaovam-pikarohana Wikipedia dia mamaritra ny fahadalana ho « fikorontanan'ny maha-olona, izay miseho amin'ny fitondrantena manohitra fiaraha-monina, ny tsy fananana fanenenana sy tsy fananana fitondrantena maha-olombelona, izay mifandray matetika amin'ny fahazarana fanta-daza amin'ny fomba fiaina feno heloka bevava sy tsy misy filaminana. » Io voambolana io dia fantatry ny ankamaroan'ny olona izay efa zatra mijery horonan-tsary mihetsika. Voambolana be mpahafantatra tokoa izy io eo amin'izao tontolo izao ankehitriny, tsy noho ny horonan-tsary mihetsika ihany fa hita eo amin'ny tena fiainana; ary izany ihany koa no zava-nisy tamin'ny fiaraha-monina taloha toy izay voaporofon'ny tantara ao amin'ny Marka 5 : 1-20, izay azontsika heverina fa ilay demoniaka dia voafatotry ny fahadalana – fitondratena manohitra fiaraha-monina, tsy fananana fanenenana sy tsy fananana fitondrantena maha-olombelona. Raha toa ny olona iray very saina ka tsy maintsy esorina amin'ny fiaraha-monina sy ny fiainana ara-dalàna – toy ny amin'izao fotoana izao izay hanokanana azy ireny eny amin'ny toby ho an'ny adala mba hiarovana ny fiaraha-monina – i Jesôsy kosa dia nanatanteraka fanovana miavaka teo amin'ny fiainan'ity lehilahy nolavina, sady nomelohin'ny fianakaviany ity. Izany fanovana izany dia nahatalanjona ny maro tamin'izany fotoana izany ary mbola izany no zava-misy mandraka ankehitriny; tonga mpianatra ilay demoniaka, niala avy tamin'ny fahadalana ho amin'ny famonjem-panahy (fandalinana ny hafatry ny famonjena) ary nanaparitaka izany hafatry ny famonjena izany tamin'ny tokantranony, ny fianakaviany ary teo amin'ny tanàna nisy azy araka ny baikon'i Jesôsy!

## Ny toe-piainana niainan'ilay demoniaka

Ny andininy 1 ka hatramin'ny faha-5 ao amin'ny Marka 5 dia mamaritra ny toe-piainana niainan'ity lehilahy voagejan'ny demonia ity. Teny amin'ny fasana no tranon'ity lehilahy ity ary nanalavitra tanteraka ny fiainana ara-tsosialy izy satria tsy voafehy intsony. Ny fiainany mahatsiravina dia toa manambara fa tsy nisy na iza na iza afaka nanao na inona na inona hanampiana azy hiala amin'io toerana misy azy io, dia ny hadalana niainany. Ny famaritana asehon'i Marka an-tsary dia maneho lehilahy mampatahotra izay natao halavirin'ireo rehetra tsy te hahita loza tampoka ; ka izany no nhahatonga ny fitokana-monina sy ny fandavan'ny fiaraha-monina azy tamin'ny fampiasana rojo sy gadra vy mba

---

*https://fr.wikipedia.org/wiki/Psychopathie Le terme 'Psychopathie' vient des mots grecs : psyche, ψυχή (esprit, âme) et pathos, πάθος (souffrance, changement accidentel).*

hihazonana azy tsy hihetsika, kanefa toa tsy tena nahomby izany. Izany famaritana izany dia toa manala azy eo amin'ny toeran'ny olombelana satria niara-niaina tamin'ny maty izy, lavitry ny olombelona izy; nitoetra irery izy, tsy voafehy, tsy nisy nahafolaka ary toy ny bibidia ninananana izy, eny niteti-tena mihitsy aza. Azom-panahy maloto izy ka noho izany dia tsy nisy maha-olombelona intsony tao aminy.

Tsy navelan'ilay Ratsy ho lavitry ny fiaraha-monina sy ny fianakaviany fotsiny izy, fa nataony tsy nahafehy ny tenany ihany koa. Very saina sy fandinihana izy ka nanjary loza ho an'ny tenany manokana; ny sainy sy ny vatany dia nijaly ary tsy tompon'ny tenany intsony izy satria teo ambany fifehezan'ilay Ratsy. Indrisy fa ny fahafahany nanala ireo gadra tamin'ny tenany dia tsy namela azy ho afaka tamin'ny toerana mampalahelo sy mahamenatra nisy azy. Io demoniaka io dia ny taratra ara-panahin'ireo rehetra tafasaraka amin'Andriamanitra ary latsaka ao anaty vovon'ny fahotana, olona izay tena mila entina ho eo amin'i Jesôsy mba hovonjena (Efesiana 2 : 8-9, 12).

## Ny fiovam-pon'ilay demoniaka – demoniaka lasa mpianatra !

Ny andininy faha-6 ka hatramin'ny 17 dia mitantara ny fomba niainan'ilay demoniaka ny fanasitranana sy fiovam-po tanteraka – fahasitranana sy fiovam-po ara-batana, fahasitranana sy fiovam-po ara-tsaina, fahasitranana sy fiovam-po ara-pihetseham-po ary koa fahasitranana sy fiovam-po ara-panahy. Na dia teo ambany fifehezana mahery vaikan'ny devoly aza ity lehilahy ity, dia nihaona amin'ny hery ambony lavitra noho ny an'i Satana izy, dia ny herin'i Jesôsy izay tsy azon'ireo demonia toherina satria natahotra Azy izy ireo. Ny andininy faha-6 sy 7 dia milaza amintsika fa ilay lehilahy voageja no nitsena an'i Jesôsy, eny niankohoka teo anoloan'i Jesôsy mihitsy izy ; izany dia tena manamafy fa ny devoly dia mangovitra tokoa eo anoloan'ny herin'ny Tompo (Jakôba 2 : 19). Ny fahafantarana ity lehilahy voagejan'ny devoly ity dia Legiona, izay midika ho fanahy ratsy an'arivony maro, ary araka ny voambolana nampiasaina teo amin'ny tafika rômanina, ny legiona rômanina iray dia mitovy amin'ny andian-tafika misy miaramila 7000. Rehefa niditra an-tsehatra tamin'ny ady ho an'ny fahasalaman'ity lehilahy ity i Jesôsy dia nanatona azy tao anatin'ny fanaintainany ary nanonona teny fanafahana mba handroahana ireo fanahy ratsy sy hanafahana ity lehilahy ity. Ireo fanahin'ny demonia ireo dia navela hiditra tao amin'ireo kisoa andiany nandrasana ary maty tao amin'ny hantsana izy ireo, izay maneho ny fiafaran'ity lehilahy ity raha toa ka tsy nafahana izy. Ny fianjeran'ireo kisoa tany an-dranomasina dia manaporofo fa ny lôjikan'ilay Ratsy, ny asa fanalana ny maha-olombelona tanterahiny, ny asa feno herisetra sy tsy fahamarinana ataony dia hitondra tsy azo ihodivirana mankany amin'ny lavaka tsy hita noanoa sy ny fahafatesana.

Tena fahagagana, tsy mbola nisy toy izany – na ny fanafahana ity lehilahy ity, na ny nahafatesan'ireo kisoa tao anaty segôndra vitsy. Ireo mpiandry ny andiany dia nankany an-tanàna sy tany an-tsaha mba hanaparitaka ny vaovao, ary tsy ela ny vahoaka dia nivory mba hijery izay zava-nitranga. Mahagaga ny mahita ny fihetsiky ny vahoaka manoloana ny zava-nitranga, izay nifantoka bebe kokoa tamin'ny fahafatesan'ireo kisoa – izany hoe ny fatiantoka ara-toekarena – fa tsy tamin'ity lehilahy sitrana ity; ary noho ny tahotra teo amin'izy ireo dia nasainy niala tamin'ny taniny i Jesôsy. « Fa ireo olona nahita ny zava-niseho dia tsy nanam-pifaliana na dia kely akory aza. Ny fahaverezan'ireo kisoa dia zava-dehibe kokoa ho azy ireo noho ny fanafahana ireo babon'i Satana (...) Saingy ny fanenenana sy ny fahatezerana vokatry ny fatiantoka ara-materialy dia nanakana azy ireo tsy hahita ny famindram-pon'ny Mpamonjy (…) Nanahy fatiantoka ara-bola izy ireo ka naleony nesorina teo ny fanatrehany. » Ellen White, Jésus-Christ, 329.3, 329.4, 330.1

Ny fisian'ireo kisoa andiany ireo dia mampiseho fa tany amin'ny tanin'ny jentilisa no nisy an'i Jesôsy, kanefa tsy nanakana Azy tsy hanafaka ity lehilahy ity izany. Nandalo fiovam-po tanteraka tamin'ny fiainany ity lehilahy ity ary hita niharihary izany; nipetraka izy fa tsy nihaodihaody toy ny biby, nilamina tsara izy fa tsy nikorontana, tsy niharihary intsony ny fitanjahany fa efa nitafy izy ankehitriny – nitafy ny fahamarinan'i Kristy ary nofehezin'ny Fanahin'Andriamanitra – avy eo amin'ny toeran'ny demoniaka no nhahatonga azy ho mpianatr'i Jesôsy! Izany no zava-mitranga eo amin'ny fiainan'izay rehetra manatona ny Tompo sy manandrana ny fanafahana avy Aminy, tonga olom-baovao izy (2 Korintianina 5:17) ary hitan'ny olon-drehetra izany.

## Ny iraka nomena ilay mpianatra – avy amin'ny fahadalana ho amin'ny famonjem-panahy

Ilay lehilahy demoniaka izay nonina tany amin'ny fasana dia lasa mpianatr'i Jesôsy; ny tantara ao amin'ny filazantsara araka an'i Lioka dia milaza fa nipetraka teo an-tongotr'i Jesôsy izy (Lioka 8 : 35) ary mamaritra ny atao hoe mpianatra izany teo amin'ny fomba fisainana jiosy. Tao anatin'ny fiovany avy amin'ny maha demoniaka lasa mpianatra azy, ity lehilahy ity dia niala avy amin'ny fahadalana ho amin'ny famonjem-panahy mba hampiely ny hafatry ny famonjena ao amin'i Jesôsy tahaka ny ataon'ny tena mpianatra, ary izany no ambaran'ny andininy faha-18 ka hatramin'ny 20.

Nampitodihin'i Jesôsy ity mpianany vaovao ity ho amin'ny làlana hafa izay tsy noheveriny ho an'ny tenany akory; raha tokony ho namela ilay mpianatra vaovao hanaraka Azy ara-batana i Jesôsy, dia naniraka azy hiverina hody any an-tranony, any amin'ny tanàna niaviany hilaza ny fanandramana vao niainany. Ny ako miabo avy amin'ity lehilahy nafahana ary tonga mpianatr'i Kristy ity ankehitriny dia goavana kokoa amin'ireo nahafantatra azy ho demoniaka; ny iraka nomena azy dia tsy ny handeha hiaraka amin'i Jesôsy fa ho any Dekapolisy izay toerana tena nanjakan'ny kolontsaina grika. Fantatr'i Jesôsy fa ny fijoroana ho vavolombelon'ity mpianatra vaovao ity dia hahery vaika kokoa eo amin'ireo izay namatotra sy nametaka gadra taminy, ireo izay nandre azy ninananana andro aman'alina teny amin'ny fasana sy tany an-tendrombohitra.

Nanoloana ny fangatahana nataon'ilay mpianany vaovao, i Jesôsy dia nanazava taminy fa tsy voatery hanaraka Azy any amin'ireo tanàna hafa tsy azy izy, na ireo trano hafa tsy azy ihany koa. Ny iraka nomena ity mpianatra vaovao ity dia tsy maintsy manomboka amin'ny fianakaviany, ny tokantranony manokana ihany. Rehefa kasihin'i Jesôsy ny fiainan'ny olona iray, dia hita miharihary ao an-tokantranony aloha izany – ny mpianakavy ao an-tokantrano dia mahita ny fanovana nataon'i Jesôsy; hitan'izy ireo ny maha-marina ny fifandraisany amin'Andriamanitra. Ireo izay ao an-tranony, eo amin'ny manodidina azy, dia tsy maintsy mahita ny fiovana; ary raha tena izy izany, ny mpianatr'i Kristy dia ho tahaka ity lehilahy nafahana ity ka manomboka mijoro ho vavolombelona amin'ny ao an-tokantranony, ny ao an-tanànany. Ity mpianatra vaovao ity dia nasaina nilaza tamin'ny hafa izay nataon'i Jesôsy taminy – ao amin'i Jesôsy no misy ny fanafahana ho an'ny voageja, ao amin'i Jesôsy no misy ny balsama avy any Gileada ho an'ireo izay mila fanasitranana. Na dia tsy araka izay noheveriny akory aza dia tsy nisalasala ity lehilahy navotana sy nafahana ity fa nankatò avy hatrany ny baikon'ny Tompony tamin'ny fandehanana nody nitory ny hafatry ny famonjena – fiovana mahery vaika avy amin'ny fahadalana ho amin'ny famonjem-panahy.

Nandao io toerana io toy ny nataon'ireo demonia i Jesôsy, saingy ny fahasamihafana fototra dia nandresy tamin'ny tolona Izy, namela ny mpianany tao amin'io toerana io ho mpitondra fahazavana. « *Ireo izay nanompo ny andrianan'ny maizina dia lasa mpitondra fahazavana, iraky ny Zanak'Andriamanitra.* » Ellen White, Jésus-Christ, 332.1 (miresaka mikasika demoniaka roa ity fanambarana ity, ary mampiseho ny tantara voalaza ao amin'ny filazantsara araka ny Matio 8: 22-34 izay milaza fa nisy demoniaka roa lahy fa tsy iray fotsiny araka ny ambaran'ny filazantsaran'i Marka.)

Mbola mampahatsiahy antsika ny toe-tsaina izay tokony handrosoantsika ity tantara ity – toe-tsaina mifototra amin'ny asa fitoriana – izany no anjaran'ny tena mpianatr'i Jesôsy rehetra, izany no tena fototra satria naverin'i Jesôsy tao amin'ny iraka lehibe izany. Nantsoina isika hitarika ny fianakaviantsika, ny mpiara-monina amintsika, ny namantsika hanana fifandraisana matotra amin'i Jesôsy. Ny toe-tsaina mifototra amin'ny iraka dia tsy entanin'ireo prôgrama, ireo fiofanana sy hetsika samihafa fotsiny, fa mifandray amin'ny maha-izy antsika izany, dia izay niainantsika manokana niaraka tamin'i Jesôsy. Ilay mpianatr'i Jesôsy vaovao ao amin'ny Marka 5 dia tsy nandray na dia fiofanana iray aza, ary tsy nanana toerana manan-danja teo amin'ny fiarahamonina fa ny hany nananany dia izay nataon'i Jesôsy ho azy tamin'ny fiainany manokana ary izany ihany no ilainy. Ny tena mpianatra dia mijoro ho vavolombelon'ny zavatra nataon'i Jesôsy tamin'ny fiainany manokana, ary izany fijoroana ho vavolombelona izany dia manomboka ao an-tokantranony, amin'ny fianakaviany – ny iraka nomena dia manomboka ao Jerosalema!

## Fehiny

Ny tantaran'ny fanafahana ilay demoniaka tao amin'ny faritany mpanompo sampy dia mampiseho fa tsy misy na dia olona iray aza ivelan'ny fahasoavan'Andriamanitra, ary tsy misy ambonin'ny herin'Andriamanitra na aiza na aiza misy azy. Ankoatra izany, ity lehilahy niaina fanafahana ity dia lasa fitaovana miavaka ho famonjena ny ankohonany sy ny tanànany manontolo. Alaivo sary an-tsaina ny fifalian'ireo havany akaiky nahita azy afaka sy niova tanteraka! Nanao ahoana re ny fideran'izy ireo an'i Jesôsy noho io fahagagana io, ary angamba ny sasany tamin'izy ireo raha tsy izy rehetra dia voataon'io hafatry ny famonjena io! Tena azo antoka fa tsy manadino na oviana na oviana ny fianakaviana mihitsy i Jesôsy!

### Fanontaniana hosaintsainina :

1. Moa ve ianao gejain'ny fanandevozana samihafa amin'izao fotoana izao, ary manakana anao tsy hanome ny zavatra rehetra ho an'i Jesôsy izany? Mino ve ianao fa manana hery hanafaka anao amin'izany i Jesôsy? Inona no anjaranao amin'izany?

2. Moa ve miezaka mafy miresaka momba an'i Jesôsy amin'ny ankohonanao ianao, sa variana fotsiny amin'izay mahasoa sy mahatsara ny fiainanao manokana? Inona no mbola azonao atao hanitarana izany fijoroana ho vavolombelona izany hihoatra lavitra ny tokantranonao, ny fianakavianao?

# 6 Mitondra ny zanaka ho amin'ny fiainana ary mitondra ny fiainana ho eo amin'ny zanaka! Lioka 8 : 41-42 ; 49-56



*«Ary, indro, dia tonga ny lehilahy atao hoe Jairo, mpanapaka ny synagoga; dia niankohoka tamin'ny tongotr'i Jesôsy izy ka niangavy taminy hiditra ao an-tranony. Fa nanana zanakavavy tokana tokony ho roa ambin'ny folo taona izy, ary efa ho faty razazavavy. Ary raha nandeha Jesôsy, dia nanety lalana Azy ny vahoaka (…) Ary raha mbola niteny Jesôsy, dia tonga ny anankiray avy tany amin'ilay mpanapaka ny synagoga ka nanao hoe: Maty ny zanakao-vavy; aza manahirana ny Mpampianatra. Fa Jesôsy, raha nahare, dia namaly azy ka nanao hoe: Aza matahotra; minoa fotsiny ihany, dia ho velona izy. Ary raha tonga tao an-trano Izy, dia tsy nisy olona navelany hiara-miditra taminy, afatsy Petera sy Jaona ary Jakoba mbamin'ny ray aman-drenin-drazazavavy. Ary ny olona rehetra nitomany sy nisaona azy; fa Jesôsy nanao hoe: Aza mitomany; fa tsy maty izy, fa matory. Dia nihomehy Azy fatratra ny olona satria fantany fa efa maty razazavavy. Ary Jesôsy dia nandray ny tànany ka niantso hoe: Ry zazavavy, miarena. Dia nody indray ny ainy, ka niarina niaraka tamin'izay izy; ary nasainy nomena hanina izy. Ary dia talanjona ny ray aman-dreniny; fa Jesôsy nandrara azy tsy hilazalaza amin'olona ny zavatra efa natao»* **- Lio. 8:41,42,49-56.**

## Fampidirana

Raha ny rakibolana dia mamaritra ny raim-pianakaviana ho lehilahy iray niteraka ankizy iray na maromaro ; ny Baiboly kosa dia mamaritra ny raim-pianakaviana ho lohan'ny ankohonana, ka noho izany dia natao hanome izay ilaina eo amin'ny lafiny ara-pitaovana sy ara-panahy ho an'ny ankohonany, ny tokantranony manontolo izy. Eo anivon'ny tokantrano, ny ray aman-dreny dia tompon'andraikitra amin'ireo zanaka nomen'Andriamanitra azy, ary nantsoina izy ireo hihevitra izay mahasoa azy ireo sy hampianatra azy ireo ny fitsipika mandrakizay. Na ireo ray aman-dreny ara-biôlôjika na izay nanangan-janaka dia mitovy ny andraikiny amin'ireo zanany. Ny ray aman-dreny, araka ny ambaran'ny Baiboly, dia tsy natao hanome fiainana ho an'ny zanaka fotsiny ihany fa nantsoina ihany koa hitondra fiainana ho an'ny zanany – izany hoe manampy ny zanany hanorina ny fiainany ara-panahy, hanana fifandraisana miaraka amin'i Jesôsy. Ary mba hahatonga izany ho zava-misy iainana, ny ray aman-dreny dia tsy maintsy manana io fifandraisana miaraka amin'i Jesôsy io aloha, fifandraisana iainana amim-pinoana, mialoha ny hampitana azy amin'ny hafa. Izany no zava-nitranga voatantara ho antsika momba ny fiainan'i Jairo, ny finoana nananany, ny fifandraisana nananany niaraka tamin'i Jesôsy amin'ny maha mpanapaka ny synagoga, maha raim-pianakaviana sady vady azy.

## Ny finoana nananan'i Jairo amin'ny maha-mpanapaka ny synagoga azy

Tsara ny manamarika fa ireo filazantsara telo (Matio, Marka ary Lioka) dia mitantara ny tantaran'i Jairo izay nanatona ny Tompo – Jesôsy – mba hamonjy ny zanany vavy, izay tena tiany, tamin'ny fahafatesana ara-batana sy ara-panahy. Raha samy miresaka antsipiriany manokana ho azy avy ny filazantsara tsirairay, izy telo kosa dia manasongadina fa i Jairo no mpanapaka ny synagoga ary mampiseho ny lanjan'ny andraikitr'ity lehilahy ity amin'ny olon-drehetra izany. Ny mpanapaka ny synagoga no tompon'andraikitra amin'ny fanaraha-maso ny raharaha rehetra ao amin'ny synagoga, ary ny andraikitra toy izany dia tsy napetraka amin'ny olona tsotra eo amin'ny fiarahamonina; noho ny toerana nananany dia azo antoka fa nanana fahefana, tombontsoam-boninahitra, laza, fahamboniana ary koa mpanompo maro tao an-tranony i Jairo. Tsara ihany koa ny manamarika fa ny mpanapaka ny synagoga dia tafiditra ho isan'ny vondron'olona izay nanana olana tamin'i Kristy sady niampanga Azy ho nandika ny lalàn'i Mosesy.

Nanoloana ny aretina mafy nihatra tamin'ny zanany vavy, ity lehilahy izay najaina fatratra noho ny toeram-boninahitra sosialy nananany ity dia afaka naniraka ny iray tamin'ireo mpanompony hankany

amin'i Jesôsy hangataka ny fanasitranana ny zanany vavy, fa tsy izany anefa no niseho. Teo anoloan'ireo voka-dratsy rehetra izay hiantraika amin'ny asany, sy ny fisian'ireo mpiara-miasa aminy izay tsy nankasitraka an'i Jesôsy sy ny fomba fiasany, ity mpanapaka ity dia nandà izany rehetra izany ka nanatona an'i Jesôsy mba ho sitrana ny zanany vavy. Amin'ny maha lehilahy sady vady azy, dia irery niaraka tamin'ny vadiny i Jairo rehefa nanapa-kevitra hiteraka, hitondra io zaza io ho amin'ny fahavelomana ; ary amin'ny maha-olon'ny fitsipika azy dia tsy handefa olon-kafa izy mba hitondra ny fiainana ho an'ny zanany marary efa ho faty. I Jairo, ilay mpanapaka ny synagoga dia naneho fahatokiana sy finoana tanteraka an'i Jesôsy rehefa nanantona Azy ampahibemaso mba hangataka fanasitranana ny zanany vavy.

Noho ny andraikitra notanany sy ny finoana nananany dia tsapany fa ilaina ny manatona manokana an'i Jesôsy hahafahany mitondra ny ankohonany ho eo Aminy, mialoha ny hitondrana ireo fianakaviana jiosy hafa tamin'izany fotoana izany. Tsy maintsy nanomboka tao amin'ny fianakaviany ny zava-drehetra, tao an-tokantranony mialoha ny nandehanany tany amin'ny hafa. Naneho ny finoany an'i Jesôsy i Jairo, ny andraikitra notanany dia tsy nanakana azy tsy hangataka ny famindrampon'Andriamanitra. Ny fandavany an'i Jesôsy dia azo antoka fa hahatonga ny fahafatesana ara-batana sy ara-panahy eo amin'ny zanany vavy, tsy ho nihalehibe ary tsy hahafantatra an'i Jesôsy na oviana na oviana io zanany vavy io.

Ny fitondrantena eken'ireo ray aman-dreny manoloana an'i Jesôsy sy ny finoan'izy ireo Azy dia matetika mamaritra ny fitondrantena sy ny fironana ara-panahin'ireo zanany – mety ho zary fitahiana na ozona izany.

## Ny finoana nananan'i Jairo amin'ny maha-raim-pianakaviana azy

Tsy azo lavina ny fitiavana nananan'i Jairo ho an'ny zanany vavy – nantsoiny hoe kely io zanany vavy io na dia efa 12 taona ary nanana zo ara-dalàna hanambady aza araka ny kolontsaina jiosy tamin'izany fotoana izany – ary vonona hanao izay rehetra hamonjena ny zanany vavy izy. Resy lahatra i Jairo fa afaka manao zavatra ho an'io zanany vavy io Jesôsy; ny fatoram-pitiavan'ny maha ray azy sy ny fifamatorany tamin'io zanany vavy io dia nanan-danja kokoa noho ny toerana notanany na ny voninahitra nananany. Ny fitondrantenan'i Jairo sy ny dingana nolalovany dia naneho ny fifandraisana manokana nananany tamin'ny zanany vavy, zavatra izay tsy fahita firy tamin'izany fotoana izany, indrindra indrindra fa zazavavy no resahina – indrisy mantsy fa tsy nanan-danja teo amin'ny kolontsaina jiosy ny vehivavy.

Ny zanaka lahy tao amin'ny ankohonana jiosy dia reharehan'ny rainy, ary ity farany dia nanao ny ezaka rehetra mba ho azo antoka fa manana ny zavatra ilainy io zanany io ary ho tonga olona manan-danja eo amin'ny fiaraha-monina. Ankoatra ny fanoherana ny hevitry ny mpiara-miasa aminy mikasika an'i Jesôsy ary koa ny kolontsaina tamin'izany fotoana izany, i Jairo dia tena nihazona am-po tokoa ny tombontsoa sy izay mahatsara ny zanany na dia toa hafahafa eo imason'ny hafa aza izany. Ny fahataran'i Jesôsy teny an-dàlana izay mety ho antony nhahatonga ny fahafatesan'ny zanany vavy, araka izay notaterin'ny iraka iray (Lioka 8:49), dia tsy nampihena ny finoana nananan'i Jairo mikasika an'i Jesôsy rehefa nilaza taminy ity farany mba tsy hatahotra. Fantatr'i Jairo hatrany amin'ny ati-fanahiny lalina fa mendrika hinoana ny tenin'i Jesôsy ary voaporofo izany rehefa nanao fahagagana tamin'ny fananganana amin'ny maty Izy.

Amin'ny maha ray aman-dreny antsika, dia tsy tokony handositra ny tolona ara-panahy ho an'ireo zanatsika isika satria tsy misy zavatra tsy ho vitan'ireo izay mifikitra amin'ny finoana an'i Jesôsy.

## Ny finoana nananan'i Jairo amin'ny maha-vady azy

Farany, rehefa tonga tao an-tranon'i Jairo Jesôsy dia nangatahiny ireo izay nanana andraikitra nitomany sy nisaona ary koa nihomehy ny fanambarana nataony (Lio. 8 : 51-53) mba hivoaka ; fa Izy, ny mpianany telo mirahalahy ary i Jairo sy ny vadiny no niditra tao amin'ny efitrano nisy ny fatin'ilay zazavavy izay tena tian'ny rainy. Tsy nihemotra noho ny fihomehezana nataon'ny hafa i Jairo sy ny vadiny fa nanaraka fotsiny an'i Jesôsy ho any amin'ny efitrano izy ireo.

« Ny teny nataon'ilay vahiny (Jesôsy) dia nhahatonga fahatezerana tamin'izy ireo (ny olona tao). Nihomehy Azy izy ireo satria nahita ny zaza niala aina. Ary rehefa nasain'i Jesôsy nivoaka izy rehetra,

dia nentiny niaraka Taminy ny ray sy ny renin-drazazavavy ary telo mirahalahy tamin'ny mpianany ... ary niara-niditra tao amin'ny efitrano nisy ny maty izy ireo. » Ellen White, Jésus-Christ, 334.5 (nampiana fanamafisana).

Ny fampidirana an'i Jairo sy ny vadiny miaraka ho ao amin'ny efitrano nisy ny razana dia manasongadina ny firindrana nisy teo amin'izy mivady, firindran'ny fifandraisana maha mpivady azy ireo sy ny finoana nananan'izy ireo an'i Jesôsy. Tamin'izany toe-javatra izany, dia tsy nifanome tsiny izy mivady fa ny mifanohitra amin'izany aza no niseho, dia ny fanehoan'izy ireo faharesen-dahatra sy toky miaraka fa Jesôsy dia afaka manafaka ny zanany vavy tsy amin'ny aretina ihany fa na dia ny fahafatesana izay efa nianjady taminy aza. Miharihary fa nanana andraikitra lehibe tamin'ny tokantranony sy ny finoana nananan'ny vadiny i Jairo noho ny fijoroany ho vavolombelona sy ny fandraisany andraikitra mivantana. Taorian'ny fidirana an-tsehatra nataon'i Jesôsy dia niseho ny fahagagana ary nifoha tamin'ny torimason'ny fahafatesana ilay zazavavy kely.

Azo inoana fa rehefa nifoha ilay zazavavy tamin'io andro io dia nahita ireo ray aman-dreniny nifandray tanana tamin'ny endrika feno fifaliana tsy hay lazaina, notronin'ireo endrika efatra hafa izay tsy fantany. Andro miavaka io andro io, niova ho fifaliana ilay fisaonana! Fotoan-dehibe roa no hankalazaina amin'ny fiainan'ity zazavavy ity ankehitriny, teo ny fitsingerenan'ny andro nahaterahany – andro nhahatongavany tamin'ny fiainana – ary koa ny tsingerin-taonan'ny fahaterahany indray – andro nitondrana ny fiainana ho eo aminy. Noho ny finoana sy ny finiavana nananan'ny rainy sy ny reniny dia nandray mihoatra noho ny fiainana ara-nofo ilay zazavavy – nihaona tamin'ilay lalana sy fahamarinana ary fiainana izy – ka teraka ny fiainany ara-panahy. Marina tokoa fa zava-dehibe ireo asa fanompoana ao am-piangonana, kanefa tsy misy mahasolo ny andraikitry ny ray aman-dreny hitondra ireo zanany ho eo amin'i Jesôsy. « Ny ray aman-dreny dia tsy tokony hanadino ny saha misiônera manan-danja indrindra, dia ny tokantranony. » Ellen White, Instructions pour un Service Chrétien Effectif, 251.5

## Fehiny

Ilay voina nitranga tao an-tranon'i Jairo dia nanjary fitahiana. Io zava-tsarotra io no nhahatonga an'i Jairo hitondra an'i Jesôsy ho ao an-tranony, ho eo anivon'ny ankohonany. Nanatanteraka ny andraikiny amin'ny maha raim-pianakaviana araka ny Baiboly azy i Jairo, nanome izay ilaina eo amin'ny lafiny ara-pitaovana sy ara-panahy ho an'ny ankohonany izy ary nahatonga azy ho afaka nanatontosa ny asa maha-matihanina azy izy tamin'ny fitondrana ny fianakaviana hafa manodidina ho eo amin'i Jesôsy, kanefa ny zavatra rehetra dia nanomboka tao an-tonkatranony. Amin'izao androntsika izao dia misy olona manao sorona ny ankohonany mba hiasa any amin'ny toeran-kafa ary hahazo vola misimisy kokoa! Aleo ankohonana sambatra toy izay kitapo feno vola. « Ny asa ataontsika ho an'i Kristy dia tsy maintsy manomboka eo anivon'ny ankohonana. ... Tsy misy saha misiônera manan-danja mihoatra izany. Amin'ny alalan'ny fitsipika sy ny ohatra no hampianaran'ny ray aman-dreny ireo zanany hiasa ho amin'ny fiovampon'ireo mpiara-belona aminy. » Ellen White, Instructions pour un Service Chrétien Effectif, 252.1.

## Fanontaniana hosaintsainina :

1. Na renim-pianakaviana ianao na raim-pianakaviana, inona no toerana tanan'ny tombontsoa ara-panahin'ireo zanakao eo amin'ny fiainanao sy ny fandaharam-potoananao?
2. Inona no tokony hataonao, amin'ny maha ray aman-dreny anao mba hanampiana ireo zanakao handray anjara amin'ny iraka fanaovana mpianatra ho an'i Kristy?

Sabata 12 Septambra



# 7 « Izaho sy ny ankohonako kosa dia hanompo an'i Jehôvah izahay! » - Josoa 24 : 14-24

*«Koa ankehitriny, matahora an'i Jehôvah, ka manompoa Azy amin'ny fahitsiana sy ny fahamarinana; ary ario ny andriamanitra izay notompoin'ny razanareo tany an-dafin'ny Ony sy tany Egipta, ka manompoa an'i Jehôvah. Nefa raha tsy sitrakareo ny hanompo an'i Jehôvah, dia fidionareo anio ary izay hotompoinareo, na ny andriamanitra izay notompoin'ny razanareo tany an-dafin'ny Ony, na ny andriamanitry ny Amorita, izay mponina teto amin'ny tany onenanareo; fa raha izaho sy ny ankohonako kosa, dia hanompo an'i Jehôvah izahay. Dia namaly ny vahoaka ka nanao hoe: Sanatria raha hahafoy an'i Jehôvah izahay ka hanompo izay andriamani-kafa. Fa Jehôvah Andriamanitsika, Izy no nitondra antsika sy ny razantsika nivoaka avy tany amin'ny tany Egipta, tany amin'ny trano nahandevozana, ary Izy no nanao ireny famantarana lehibe ireny teo imasontsika ka niaro antsika teny amin'ny làlana rehetra nalehantsika sy teny amin' ny firenena rehetra izay notetezintsika. Ary Jehôvah nandroaka ny firenena rehetra teo anoloantsika, dia ny Amorita izay nonina teto amin'ny tany; koa izahay koa dia mba hanompo an'i Jehôvah, fa Izy no Andriamanitsika. Ary hoy Josoa tamin'ny vahoaka: Tsy mahay manompo an'i Jehôvah hhianareo; fa Andriamanitra masina Izy, Andriamanitra saro-piaro Izy ka tsy hamela ny fahadisoanareo sy ny fahotanareo. Raha mahafoy an'i Jehôvah hianareo ka manompo andriamani-kafa, dia hiverina Izy ka hampahory anareo sy hahafongana anareo, rehefa nasiany soa. Dia hoy ny vahoaka tamin'i Josoa: Tsia; fa Jehôvah ihany no hotompoinay. Dia hoy Josoa tamin'ny vahoaka: Vavolombelona ho an'ny tenanareo hhianareo fa efa nifidy an'i Jehôvah hotompoinareo. Ary hoy ny olona: Eny vavolombelona izahay. Arionareo ankehitriny ary ny andriamani-kafa, izay eo aminareo, ka ampanatony an'i Jehôvah, Andriamanitry ny Isiraely ny fonareo. Dia hoy ny vahoaka tamin'i Josoa: Jehôvah Andriamanitray no hotompoinay ary ny feony no hohenoinay»* **- Jos. 24:14-24**

## Fampidirana

Ny loharanon-karena sy ny harena lehibe indrindra nomen'Andriamanitra ny olombelona dia ny ankohonana. Ny ankohonana dia naorin'Andriamanitra sy notahiny hatrany am-boalohany.

*« Avy ao am-po no iavian'ny aina,' ary ny fon'ny fiarahamonina, ny Fiangonana na ny firenena dia ny ankohonana. Ny mahasoa ny fiarahamonina, ny fandrosoan'ny Fiangonana, ny firoboroboan'ny fanjakana dia miankina amin'ny hery miasa mangina avy amin'ny fianakaviana. »* Ellen White, Foyer Chrétien, 15.1.

Manao ahoana ny ankohonana nomen'Andriamanitra ahy? Inona no ataoko ho an'io ankohonana nomen'Andriamanitra ahy io? Miaina ao anatin'ny tontolo izay misamboaravoara noho ny fahotana isika! Ny devoly dia manafika sady manimba ny tokantrano/ankohonana. Manaitra ny antontan'isa mikasika ireo tokantrano rava! Inona no tokony hatao hanoherana ny fanafihana ataon'ny devoly? Ahoana no hanoherana azy amin'ny fomba mahomby?

Ny valin'ireo fanontaniana ireo dia: ny fanompoana an'i Jehôvah, ny fametrahako ny tenako sy ny ankohonako amin'ny fanompoana an'i Jehôvah – izay midika fa izaho sy ny ankohonako dia mikolokolo fifandraisana akaiky amin'i Jehôvah. Izany no hitantsika ao amin'ny Josoa 24 : 14-21.

## Ny tontolon-kevitra manodidina ny Josoa 24

Ity toko farany amin'ny bokin'i Josoa ity dia mampiseho, etsy andaniny, ny fanavaozana ny fanekena (and. 1-28) ary eo ankilany ny fahafatesan'ireo mpandray anjara fototra roa tamin'ny vanim-potoana nisehoan'ny tantaran'ny Isiraely, dia i Josoa sy i Eleazara (and. 29-33). Eo amin'ity fizaran-dahatsoratra ity dia fotoan'ny fanavaozana izay nanomezan'i Josoa hafatra manokana ho an'ny vahoaka manontolo, hafatra izay mifandraika amin'ny fanavaozana ny fanekena amin'Andriamanitra. Tao Sekema no nanatanterahina ny fivoriana.

Mialoha ny nanasana ny vahoaka hifidy ny lalana tiany haleha, dia noheverin'i Josoa fa ilaina ny mampahatsiahy azy ireo ny làlana nitondran'Andriamanitra azy ireo tamin'ny fahasoavany hatramin'izao.

Nasehony tamin-kery sy tamin'ny alalan'ny famintinana miavaka ireo zava-dehibe nitranga teo amin'ny tantaran'ity vahoaka tian'Andriamanitra ity – izay vitsy indrindra amin'ny vahoaka rehetra (Deoteronomia 7: 7-8). Io fampahatsiahivana io dia natao hamerina indray ao am-pon'ny tsirairay avy ny fankasitrahana iheverana ireo lalana rehetra efa nizorana, ny fahatokiana hoenti-mibanjina ny ho avy, ary ny fankatoavana hahafahana mitoetra eo ambany faneken'ilay Andriamanitra be famindram-po. Eo amin'ny andininy faha-14 no omen'i Josoa ny fehin-kevitra amin'ity fampirisihana ity: *« Koa ankehitriny, matahora an'i Jehôvah, ka manompoa Azy amin'ny fahitsiana sy ny fahamarinana; ary ario ny andriamanitra izay notompoin'ny razanareo tany an-dafin'ny Ony sy tany Egipta, ka manompoa an'i*

*Jehôvah.* » -Josoa 24:14. Andeha hodinihintsika akaiky ity fampirisihana hita eo amin'ny andininy faha-14 ity, sy ny sisa amin'ny fehin-kevitra ao amin'ireo andininy manaraka.

## Ny fampirisihana nataon'i Josoa – andininy faha-14

*i. Ankehitriny... !*

Ilay hoe « ankehitriny » eo amin'ny andininy faha-14 dia mpamaritra fotoana izay maneho ny fiandohan'ny baiko iray avy hatrany, ary midika ihany koa izany fa ny zava-misy dia samihafa amin'ny teo aloha – ary ao anatin'io tontolo-kevitra io dia nisy olana teo amin'ny vahoaka Isiraely sy ny Andriamaniny. Eny tokoa, nanao sy nanolotra ny zava-drehetra ho an'ny Isiraely Andriamanitra mba hahafahana maneho ny toetrany amin'ireo firenena jentilisa, fa ny Isiraely kosa dia mafy fo. Tsy natahotra an'Andriamanitra intsony izy ireo ary niodina niala taminy.

Mandraka ankehitriny, io Andriamanitra izay nikarakara ny vahoaka Isiraely io dia mbola mikarakara antsika hatrany. Mankasitraka Azy ve isika noho ny fiainana, noho ny ankohonana izay nomeny antsika?

Tahaka ny Isiraely dia miantso antsika hanompo Azy Andriamanitra ankehitriny ary antso maika izany. Izao ankehitriny izao no fotoana handraisana fanapahan-kevitra raha te handresy ireo fandriky ny devoly isika.

*ii. Matahora an'i Jehôvah!*

Ny hoe « matahora an'i Jehôvah » dia matoanteny mandidy, izany hoe baiko. Inona no hevitr'io fanambarana io? Midika ho tahotra an'Andriamanitra ve izany? Tsia! Fa kosa, midika izany fa tsy manao izay mampalahelo Azy, fa manaja, mitia, mankatoa, ary mampiditra Azy amin'ny fanapahan-kevitra rehetra sy ny hetsika rehetra ataontsika – izany no niantsoana ny ankohonana tsirairay avy teo amin'ny vahoaka manontolo! Ary amin'izao taonjato faha-21 izao, dia tsy tokony hifikitra amin'ny zavatra hafa isika fa tokony hatahotra an'Andriamanitra amin'ny fijoroana ho mahatoky amin'ilay fanekena izay havaoziny malalaka (maimaim-poana) amin'ny isam-batan'olona sy isam-pianakaviana.

*iii. Manompoa Azy amin'ny fahitsiana sy ny fahamarinana!*

« Manompo an'Andriamanitra amin'ny fahitsiana sy ny fahamarinana » dia midika hoe manompo Azy amin'ny rariny, ny marina, ny fifaliana, ny fitiavana; ary manaisotra ihany koa ireo endriky ny fihatsarambelatsihy sy fireharehana rehetra amin'ny fanompoana an'i Jehôvah. Amin'ity fanompoana ity dia tsy misy toerana ho an'ny fihatsarambelatsihy sy ny fireharehana.

Eo anivon'ny fianakaviana biôlôjika sy ny fianakaviana ampiraisin'ny fiangonana, dia tsy maintsy mahatoky sy tso-po isika. Na iza na iza isika, dia aza hadinoina fa mitovy avokoa isika rehetra eo imason'Andriamanitra ary izay te ho lehibe dia ho mpanompon'ny rehetra.

*iv. Ario ny andriamanitra izay notompoin'ny razanareo...!*

Ny vahoaka Isiraely dia nitahiry firavaka sy fitaovana volamena, sns… nandritra ny dian'izy ireo, eny fa na dia efa tonga tany Kanana aza. Na dia noheverin'izy ireo aza fa ireny zavatra ireny dia teny aminy ho toy ny endrika lian-kahalala sy fahatsiarovana fotsiny, dia ireny no nahazo toerana ambony mihoatra ny fiankohofana tamin'Andriamanitra satria nivavaka miafina tao am-po tamin'ireny izy ireo. Porofon'izany ilay ombilahy kely volamena teo am-pototry ny tendrombohitra! Izany no maha zava-dehibe iankinan'aina ho azy ireo, eo amin'ny lafiny ara-panahy, ny fanariany ny endrika fanompoana andriamanitra sampy rehetra.

Inona ireo andriamanitra sampy mbola ankamamiantsika eo amin'ny fiainantsika isam-batan'olona, isam-pianakaviana? Mety tsy hita maso ireny andriamanitra sampy ireny, kanefa manelingelina antsika tsy hanompo ilay Andriamanitra marina, amin'ny fifandraisana tena izy sy azo antoka miaraka Aminy.

## Ny safidy nataon'i Josoa sy ny ankohonany – andininy faha-15

*i. Sitrakareo ve ny hanompo an'i Jehôvah sa hanompo andriamanitra hafa hianareo?*

Raha tokony ho ny Mpahary no notompoina, dia nanomboka nanompo ny voary na ireo zavatra noforoniny ireo fianakaviana teo anivon'ny vahoaka. Izany no antony niantsoan'i Josoa ny isam-pianakaviana eo amin'ny fanompoany, ka nampahatsiahiviny azy ireo ny niodinan'ny razany tamin'ny lalana marina ka nanompoany andriamanitra sampy sy zavatra hafa; nisy fanao feno fahotana izay niainan'ny fianakaviana ary fotoana hametrahana fanontaniana ho an'ny tsirairay avy amin'izy ireny izao.

Tahaka izany koa, toy ny vahoaka Isiraely, dia mety mankamamy fahotana sasantsasany ao am-pontsika isika, izay manakana antsika tsy hanompo an'i Jehôvah ; indraindray dia misy fomba amam-panao sy/na fomban-drazan'ny isam-batan'olona na isam-pianakaviana – fianakaviana ara-biôlôjika sy fianakaviana ampiraisin'ny fiangonana – izay mampanalavitra antsika hanompo ilay Andriamanitra marina. Mety ho fihatsarambelatsihy na fikatsahana harena, na zavatra maro hafa izany.

Tamin'ny fandreseny ny fakam-panahy avy amin'i Satana, dia miantso antsika i Jesôsy hatahotra an'i Jehôvah. Tsy tokony hadinoina fa mifandray ny fanompoana sy ny fitsarana. Tsy misy olona, amin'ny fitsarana farany ho faty satria mpanota izy, fa satria nolaviny ny vahaolana naroson'i Jesôsy, dia ny fanompoana ilay Mpahary fa tsy ny voary.

Mety misy sasany amin'ny fianakaviako ara-biôlôjika ve tsy mahalala an'Andriamanitra ary tsy manompo Azy noho ny fitondran-tenako sy ny fomba fanaoko? Manao ahoana ny mikasika ny fiangonako? Na dia eo aza ny hoe tsy maintsy mifantoka eo amin'i Jesôsy ny fijerin'ny tsirairay avy; ny fitondran-tenako, ny fihetsiko dia mety ho sakana amin'ny lafiny ara-panahin'ny fianakaviako ara-biôlôjika sy ny fianakaviana ampiraisin'ny fiangonana. Noho izany dia zava-dehibe ho ahy ny mametraka fanontaniana tsy tapaka momba ny fiainako ara-panahy mba tsy hahatonga ahy na oviana na oviana ho vato misakana, fa kosa ho loharanom-pitahiana ho an'ny fianakaviako sy ireo manodidina ahy.

***ii. Izaho sy ny ankohonako kosa dia hanompo an'i Jehôvah izahay!***

Tsy maintsy misafidy amin'i Jehôvah sy ireo andriamani-kafa ny Isiraely ankehitriny. Fa mialoha ny hihainoana ny valin-tenin'izy ireo dia nanambara ampahibemaso ny safidiny i Josoa. Fantany ny hasarobidin'ny ohatra – ny fitarihana amin'ny alalan'ny ohatra! Tamin'ny fitodihany sy ny ankohonany amim-pahatokiana tamin'i Jehôvah, dia niriany ny hanarahan'ireo fianakaviana hafa ny diany: *« Izaho sy ny ankohonako kosa dia hanompo an'i Jehôvah izahay! »*

***Niteny toy ny raim-pianakaviana izy, ny faniriana lalina tao aminy dia ny hatahoran'ny vahoaka an'Andriamanitra sy hanompoany Azy.***

Toy izany no safidy tsara nataon'ilay mpitarika modely, dia ny fanompoana an'i Jehôvah ary izany ihany koa no tokony ho safidy hataon'ny mpitarika eo anivon'ny ankohonantsika amin'ny maha tena mpianatr'i Jesôsy Kristy marina azy! Matetika isika no mampiasa ilay fomba fiteny manao hoe « tena zana-drainy mihitsy! » Manao ahoana ny lafiny ara-panahy eo anivon'ny ankohonantsika? Inona no ako mihabo avy amiko ho an'ny fianakaviako ao an-tokantrano na any am-piangonana?

## Ny valinteny ofisialy nasetrin'ny vahoaka ilay antso sy ny anton'izany – andininy faha-16-18.

Valiny mahafa-po no nasetrin'ny vahoaka ny antso nataon'i Josoa. Taorian'ny famelabelarana mikasika an'Andriamanitra sy ireo zavatra nataony teo amin'ny fiainan'ity vahoakany ity, dia nisafidy ny hanompo an'i Jehôvah ny ankohonana tsirairay avy ary niala tamin'ny lalan-diso nizorany.

Ireo antony fototra nolazain'ny vahoaka ao amin'ny andininy 17 sy 18 dia:

a. Izy no Andriamanitray – tsy afaka hanana andriamanitra hafa izahay, fa Andriamanitra no namorona anay ary Azy izahay.

b. Jehôvah no nanafaka anay tamin'ny fanandevozana tany Egipta – Izy no Andriamanitry ny famonjena anay ary nanangana anay teo anoloan'ny fahavalonay.

Mazava sy ara-potoana ny nanapahan'ny vahoaka hevitra tamin'ny fomba ofisialy fa: « izahay koa dia mba hanompo an'i Jehôvah, fa Izy no Andriamanitray! »

Amin'izao fotoan-tsarotra sy fihaikana tsy misy toa azy izao, azoko atao ihany koa ve ny manao izany fanambarana ofisialy izany miaraka amin'ny ankohonako noho ireo antony voalaza etsy ambony ireo? Kristy dia nanafaka antsika tamin'ny fanandevozan'ny fahotana sy ny gadran'ny fahavalo ary nanao fahagagana teo amin'ny fiainantsika isam-batan'olona sy isam-pianakaviana.

## Fanomezan-toky nomen'ny vahoaka sy ny fanekena nataony – andininy faha-19-24.

Mba hanamafisana ny fanapahan-kevitry ny ankohonana tsirairay avy, dia nampiasa ezaka miaro fampitahorana i Josoa, niaraka tamin'ny filazana fa tsy hanana hery hanompoana an'i Jehôvah ny vahoaka noho ireo antony miorina amin'ny lasa. Tsy tian'i Josoa ny hanao tery vay manta ireo ankohonana ireo, fa niriany ny handraisan'ny tsirairay avy fanapahan-kevitra an-kalalahana sy amin'ny fony manontolo. Io karazana fampitahorana io dia mitarika ny vahoaka ho tonga saina amin'ny zava-misy iainany sy ny filana fanoloran-tena indray, amin'ny alalan'ny fifanekena izay midika ho fandavana ny sampy sy ny fanao tsy mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra.

Manao ahoana ny ankohonako? Tena fotoana izao hiheverana indray ireo zavatra tokony hataoko sy ny ankohonako hanamafisana ny fanompoanay an'i Jehôvah na inona na inona toe-javatra sy trangan-javatra misy.

## Fehiny

Ry fianakaviana malala, vonona ve ianao hiala amin'izay rehetra manohitra an'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao sy ny fomba fanaonao ka hanome an'Andriamanitra ny toerana manontolo?

Vonona hitombo ve ny isam-batan'olona sy ny isam-pianakaviana hanoherana am-pahombiazana ny fanafihan'ny devoly, amin'ny fandraisana anjara amin'ny fanompoana an'i Jehôvah?

Nandritra ity herinandro ity dia nahita fianakaviana maro isan-karazany isika, izay vonona sy nanaiky hanompo an'i Jehôvah ary nitondra ny ray aman-dreniny, ny namany ho eo amin'i Kristy na dia betsaka aza ireo loza mitatao mety hahafa-boninahitra na hahatonga fahafatesana ho azy ireo.

Amin'izao fiafaran'ny herinandro fiaraha-mivavaka izao, tsy irinao ve ny hanolo-tena ho an'Andriamanitra – na raim-pianakaviana na renim-pianakaviana ianao, zanakalahy, zanakavavy, zana-drahalahy, zanak'anabavy, zanaky ny mpiray tam-po, dadatoa, nenitoa, renibe, raibe, rafozana – ka hitarika ny fianakavianao tahaka ny nataon'i Josoa mba hanapa-kevitra hanompo an'i Jehôvah?

Ny tena mpianatra dia izay mandray anjara amin'ny famonjena ny hafa, manomboka amin'ny fianakaviany.

*« Ny Tompo dia mangataka ireo rehetra izay mandray anjara amin'ny fahasoavany mba hiasa amin'ny famonjena ireo mpiara-belona aminy. »* Ellen White, Puissance de la Grâce, 127.3.

Misy andanlan-kira iray manambara manao hoe:

*« Androm-pahasoavana anio, aza manantena ny rahampitso. Raha mandalo ny Mpamonjinao, raiso ny tanany mahery. »*

Ny andininy faha-25 ao amin'ny Josoa 24 dia milaza amintsika fa tamin'io andro io dia nanao fanekena tamin'ny vahoaka tao Sekema i Josoa mba hanolo-tena ho an'Andriamaniny.

Vonona ihany koa ve ianao hanao izany fanekena izany amin'Andriamanitra eo amin'izay toerana misy anao:

Mba ho tena mpianatra marina?

Handeha ka hanao mpianatra ny tokantrano rehetra, manomboka amin'ny anao?

Hitahy anao eo anivon'ny ankohonanao anie Andriamanitra noho izany fanapahan-kevitra izany!

# JESO NO MIANTSO KA EKEO

(Hira laharana faha– 648)

1.
*Jeso no miantso ka ekeo:*
*O! Mba vorio ny ondriny*
*Ianao no Mpiandry ka vonjeo*
*Mba hody ao am-balany*

*Katsaho,*
*Tadiavo ilay very sao ho faty*
*Areno fa lavo*
*Ianao hanampy azy.*

3.
*Moa efa vonona ianao*
*Mba ho mpanompo tsara izao,*
*Hitady sy hamory koa,*
*Hikatsaka, hamindra fo.*

*Katsaho, sns.*

